


# Moa Mpitandrina ny Rahalahiko va aho ?

Malagasy sy Norveziana  
Miara-Mandinika  
ny Baiboly ao amin'ny  
Genesisy 4 sy ny Lioka 15



**Knut Holter**

**Moa Mpitandrina ny Rahalahiko va  
aho?**

**Malagasy sy Norveziana**

**Miara-Mandinika**

**ny Baiboly ao amin'ny**

**Genesisy 4 sy ny Lioka 15**

**Knut Holter**

© Knut Holter

Knut Holter : Moa Mpitandrina ny Rahalahiko va aho? Malagasy sy Norveziana Miara-Mandinika ny Baiboly ao amin'ny Genesisy 4 sy ny Lioka 15.

Translated by Andosoa Ramiaramananana.

Stavanger : Tasta Academic Press, 2019.

ISBN : 978-82-691289-2-5.

Printed in Madagascar by Trano Printy Fiangonana Loterana Malagasy, Antananarivo.

Distribution in Madagascar : Trano Printy Fiangonana Loterana Malagasy, Antananarivo, [impluth@yahoo.fr](mailto:impluth@yahoo.fr)

Distribution outside Madagascar : Tasta Academic Press, Stavanger, [tasta.academic.press@gmail.com](mailto:tasta.academic.press@gmail.com)

# Fanoroam-pejy

Sasin-teny ..... 5

Moa mpitandrina ny rahalahiko va aho?

Malagasy sy Norveziana mifampidinika ny amin'ny fahamarinana  
sy ny fanovana (Genesisy 4) ..... 7

Tanora Malagasy sy Tailandey ary Norveziana  
miara-mamaky ny Lioka 15 ..... 29

Loharano nanovozana ..... 55



## Sasin-teny

Ity boky kely ity dia maneho ny vokatra avy amin'ny tetik'asa roa izay miompana amin'ny fomba famakian'ireo “olon-tsotra mpamaky” ny Baiboly – izany hoe ireo mpamaky tsy nandalo fiofanana manokana tany amin'ny sekoly biblika. Ireo tetik'asa roa ireo dia nahitana vondron'olona mpandinika Baiboly avy any Madagasikara sy Norvezy (ny iray amin'ireo tetikasa ireo dia nahitana ihany koa vondrona iray avy any Tailandy). Ireo vondrona ireo dia afaka nifampizara, niara-nandinika ireo olana hitan'ny tsirairay manokana sy araka ny konteksta eo am-pamakiana andinin-tSoratra Masina ao amin'ny Baiboly.

Ny andinin-tSoratra Masina roa izay novakiana tao anatin'ireo tetik'asa roa ireo (Genesisy 4 : 1-16 sy Lioka 15 : 11-32), dia ahitana tantaran'olona mirahalahy avokoa. Ary ny tena zava-nokendrena tao anatin'ireo tetik'asa ireo koa dia ny fanehoana ny maha mpiray tampo sy ny fandraisana lesona avy amin'ny tsirairay.

Ity boky ity dia mitaratra ny fiaraha-miasa ela nisy teo amin'ny Fianganana Loterana Malagasy sy ny Fianganan'i Norvezy/Misiona Norveziana. Ny fanantenako sy ny vavaka tononiko dia ny hitohizan' izany fiaraha-miasa izany hatrany, mba ho fitahiana ho an'ny olona any Madagasikara sy ireo any Norvezy koa.

Knut Holter



**MOA MPITANDRINA NY RAHALAHIKO VA AHO?**  
**MALAGASY SY NORVEZIANA**  
**MIFAMPIDINIKA NY AMIN'NY FAHAMARINANA**  
**SY NY FANOVANA (GENESISY 4)**

Somary manahirana raha ny toe-java-miseho eo amin'ny tantaran'i Kaina sy Abela araka ny Genesisy toko fahaefatra. Samy nanatitra fanatitra ho an'Andriamanitra avy izy mirahalaha. Raha ny eritreritro dia somary manahirana ary saiky tsy rariny aza ny «nankasitrahany'i Jehovah» an'i Abela mbamin'ny fanatiny, dia ny voalohan-terak'ondry, dia izay matavy; fa Kaina mbamin'ny fanatiny, dia ny vokatry ny tany, kosa «tsy mba nankasitrahany» (and. 3-5). Raha ny tiako ho fisehoan'ny tantara dia tokony ho nankasitrahany'Andriamanitra avokoa na ny fanatitr'ilay mpiandry ondry na ny an'ilay mpiasa tany. Tantara iray izay ahafahako mampita mora kokoa ny fiheverako ny amin'ny fahamarinana araka an'Andriamanitra sy araka ny olombelona. Tantara iray izay afaka hanazava sy hanamora kokoa ny fanovana ao amin'ny mpamaky amin'izao vanin'andro ankehitriny izao.

Noho izany, araka ny fomba fisainana amin'ny maha lehilahy ahy, avy amina fari-piainana antonony, fotsy hoditra, Eoropeana tavaratra ary ny maha protestanta ahy, dia somary mametraka olana ity tantara ity. Manaiky aho fa noho ireo singa maro hanaovana karazana heviteny samihafa, dia midika izany fa tsy voatery ao anatin'ny tantara ny olana fa raha ny marina dia ao anatin' «ny saiko» izany, izay mitaratra manokana ny fiainana misy ahy ara-politika, ara-tsosialy, ara-pirazanana, ara-kolontsaina sy ara-pivavahana. Ambonin'izany, na dia eo aza ny fahadisoam-panantenako manoloana ny tsy fifanarahan'ny rafitry ny asako ara-teolojika sy ara-etika amin'ny an'Andriamanitra, ny tantara dia tokony mbola hanana fahefana hatrany hanamora ny



fanovana ny mpamaky amin'izao vanin'andro ankehitriny izao. Mba ahafahana manadihady izany, dia nametraka fanamby tamina sokajin' olona anankiroa mpandinika ny Baiboly aho; ny voalohany dia avy ao amin'ny fiangonana misy ahy any Stavanger, Norvezy ihany, ary ny faharoa kosa avy ao Fianarantsoa, Madagasikara, tanàna iray izay tsidihiko matetika. Io fanamby io dia niompana tamin'ny famakiana sy fandinihana ny tantaran'i Kaina sy Abela, ary ny fifampiresahana ny amin'izay tian'ny tantara ambara.

### **Ny konteksta eo am-pamakiana**

Tamin'ity tetikasa ity, ny sokajy rehetra dia nofantenana araka ny mason-tzivana fototra, ankoatra ny fiavian'izy ireo amin'ny toerana samy hafa manerana izao tontolo izao. Ny teboka lehibe indrindra tamin'ny fifantenana dia ny fikendrena mba hampihena ny singa mety hiovaova, mba hahafahana mamantatra tsara kokoa ny fahasamihafana. Voalohany, ireo sokajy mpandinika Baiboly ireo, izay efa nisy talohan' ny fananganana izao tetik'asa izao, dia nandray ireo mpikambana ao aminy araka ny konteksta misy any an-drenivohitra (indostria, asa fandraharahana, anjerimanontolo), olona avy amin'ny fari-piainana antonony, ary olona nandia fianarana sy manam-pahalalana, avy amina fiaraha-monina samy hafa. Midika izany fa ny mpikambana rehetra ao amin'ireo sokajy anankiroa ireo dia efa manana traikefa amin'ny fifandraisana amin'olona avy amina kolontsaina sy firenena samy hafa, ary afaka maneho ny valin'ny fanontaniana mipetraka ao anatin'ny Soratra Masina ihany koa izy ireo. Faharoa, ireo sokajy roa mpandinika ny Soratra Masina ireo dia mampifangaro mpikambana lahy sy vavy eo amin'ny sokajin-taona efa-polo hatramin'ny enim-polo. Noho izany ireo mpikambana ireo dia nifampizara fanamby vitsivitsy izay iainany amin'ny maha eo antenantenany azy amin'ny filaharan'ny taranaka; toy

ny fikarakarana ny ray aman-drenibe, eo koa ny zanaka ary hatramin'ny zafikely koa aza. Rehefa mamaky teksta tahaka ity Genesisy toko fahaefatra ity, dia manan-danja ny resam-pianakaviana, satria io toko iray io dia mitantara tranga momba ny fahasarotan'ny fifandraisana eo anivon'ny fianakaviana. Fahatelo, ireo sokajy roa mpandinika ny Soratra Masina ireo dia mpikambana eo anivon'ny fiangonana loterana avokoa. Zava-dehibe ihany koa ity mason-tzivana ity, satria misy tantara mampifamatotra ny Fiangonana Loterana Malagasy sy ny Fiangonana Loterana any Norvezy hatramin'ny taona 1860 tany ho any. Tamin'izany fotoana izany no nanombohan'ny misionera Norveziana niasa teto Madagasikara.

Mila dinihina akaiky kokoa ny amin'ny fifamatorana ara-tantara eo amin'ny mpivavaka loterana Malagasy sy Norveziana. Ny singa iray iraisany dia ny anjara toeran' ny Testamenta Taloha ao anatin'ny fanompoam-pivavahana isaky ny Alahady. Ireo misionera Norveziana izay nanomboka niasa teto Madagasikara tamin'ny taon-jato fahasivy ambin'ny folo dia namindra ny litorjia fampiasan'ny Fiangonana any Norvezy teto Madagasikara. Tamin'izany fotoana izany, ny litorjia Norveziana nampiasaina isaky ny fanompoam-pivavahana amin'ny Alahady dia nirakitra teksta avy ao amin'ny Filazantsara irery ihany. Hatramin'izao dia mbola nohazonin'ny Loterana eto Madagasikara izany. Ny Loterana any Norvezy kosa dia nampiditra litorjia vaovao ampiasaina amin'ny fotoam-pivavahana isaky ny Alahady, izay mirakitra teksta avy ao amin'ny Testamenta Taloha. Noho izany, ny Loterana manatrika fotoam-pivavahana ny Alahady any Norvezy dia matetika no mandre toriteny araka ny tantaran'i Kaina sy Abela ao amin'ny Genesisy toko fahaefatra. Ny Loterana any Madagasikara kosa nefa tsy mandre an'izany mihitsy; na dia ao anatina fiangonana, izay liana bebe kokoa amin'ny Testamenta Taloha, amin'ny ankapobeny, noho ny any Norvezy aza.

Ny singa hafa koa izay mampifandray ny Loterana ao Fianarantsoa sy ny any Stavanger dia ny fiaraha-miasa ara-akademika misy eo amin'ny Seminery Loterana ao Fianarantsoa, izay efa niova ho Sekoly Ambony Teolojika, sy ny Sekoly Misionera ao Stavanger, izay efa niova ho anjerimanontolo mandalina taranja manokana. Io fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta io dia efa nanomboka ny taona 1880 tany ho any raha nandeha handrato fianarana Teolojia tany Stavanger ny mpianatra Malagasy voalohany. Na dia teo aza ny fiaraha-miasa nisy aman-jato taona teo amin'ny Sekoly tao Fianarantsoa sy tany Stavanger, ary koa teo amin'ny mpandinika Baiboly Malagasy sy Norveziana; ny fanaovana fiofanana ara-teolojika, dia tsy mbola nisy fifampiresahana mikasika teksta manokana avy ao amin'ny Baiboly, talohan'izao tetik'asa izao. Nisy ohatra vitsivitsy ihany ireto : ny nanaovana Norveziana fanadihadiana mikasika ny anjara asan'ny Baiboly eto Madagasikara (Munthe 1969) na koa namokarana antontam-boky mirakitra fampianarana fandinihana Baiboly ho an'ny mpamaky Malagasy (ny ohatra akaiky indrindra dia ny boky nosoratan'i Holter ny taona 2012), kanefa tsy nisy mihitsy mialohan'izao, fanamby napetraka hanamoràna sy hamolavolana ny fisiann'ny fifampiresahana eo amin'ny Malagasy sy ny Norveziana mikasika teksta manokana avy ao amin'ny Baiboly.

Ireo vondrona roa mpandinika Baiboly ireo dia nanaiky ny fanasana handray anjara amin'ity tetik'asa ity ary nifanaiky fa hihaona indroa miantoana mandritra ny faharetan'ny tetik'asa. Hita tany ampamaranana ny tetik'asa fa nanokana fihaonana intelo miantoana ny vondrona tsirairay. Nanomboka ny faran'ny taona 2011 hatramin'ny fiandohan'ny taona 2013 ny faharetan'ny tetik'asa. Ireo olona roa mpandrindra ny tetik'asa, Olivier Randrianjaka ho an'ny vondrona tao Fianarantsoa ary Knut Holter ho an'ny vondrona tao Stavanger, dia tsy nandray anjara tamin'ny dinidinika nifanaovan'ireo vondrona ireo. Ny fifaneraserana nifanaovan'ireo vondrona ireo dia natao an-taratasy,

nosoratana tamin'ny teny malagasy sy norveziana, ary nadikan'ireo mpandrindra ny tetik'asa tamin'ny teny anglisy mialohan'ny nandefasana azy tamin'ny alalan'ny mailaka. Mialohan'ny fihaonana voalohany, dia nomena sasin-teny fohy an-tsoratra mirakitra ny andinindinin'ny tetikasa, araka izao manaraka izao: (1) fijerena ankapobeny ny teksta, mametraka ny teksta ao anatin'ny tantara fototra, ary mandinika ny amin'ny modely ara-piarahamonina sy arapivavahana mety itarafana ny teksta; (2) fomba fampiharana ny hevitra voaray, mametram-panontaniana raha azo atao ny mampifandray izay voalazan'ny teksta sy ny fifandraisana eo anivon'ny fianakaviana miaina amin'izao vanin'andro ankehitriny izao.

### **Ny konteksta eo am-pamakafakana**

Na dia tsy mbola nisy fifampiresahana teo amin'ny Malagasy sy Norveziana mikasika teksta na andinin-tSoratra Masina tahaka izao natao izao aza, ny fandinihana ity Genesisy toko fahaefatra ity dia maneho ampahany ihany amina tambajotra mivelatra kokoa amin'ny heviteny samy hafa azo avohitra. Singa roa amin'ireo tambajotra ireo no horesahina fohy eto – ny dinidinika sy ny teksta.

Ny singa voalohany dia ny dinidinika. Ny dinidinika nataon'ny Malagasy sy ny Norveziana dia ohatra iray ao anatina dinidinika ifanaovan'ny mpamaky ny Baiboly any Afrika sy any Eoropa. Isan' izany ny «mpamaky tsotra», tsy nandalo fiofanana manokana amin'ny famoahana heviteny avy ao amin'ny Baiboly; ao koa ny «mpamaky matihanina», teolojiana sy mpanao heviteny izay nandalo fiofanana manokana mikasika ny famoahana heviteny avy ao amin'ny Baiboly. Ny dinidinika tahaka izao nefa dia vao haingana no niantomboka. Nandritra ny taonjato maro dia ny konteksta araka ny fanjanahantany no namaritana ny fifaneraserana teo amin'ny Afrikana sy ny Eoropeana

raha ny Baiboly no resahina. Araka izany, ny Eoropeana dia nilaza azy ho tompon'ny famoahana heviteny, ary nanao izany samirery fa tsy mba nila ny hevitra avy amin'ireo Afrikana. Etsy ankilany, ny Afrikana dia noheverina ho mpanandray ihany fa tsy natao hamoaka heviteny (Holter 2008). Izay fomba fijery «fifampiresahana/kabary tsy valiana» izay dia tena diso tanteraka, satria nanomboka tamin'ny fotoana nidiran'ny Baiboly, ny mpamaky ny Baiboly any Afrika dia nametraka paik'ady manokana hamoahana heviteny mifandray amin'ny boky sy/na ny teksta dinihiny (West 2000). Na dia teo aza izany, raha mbola nanalokaloka teo ihany ny fombafomba lasa napetraky ny fanjanahantany taty aorian'izany; dia teo amin'ireo taranaka farany niaina tao anaty fanjanahantany vao nanomboka nitovy lenta teo amin'ny famoahana heviteny ny mpamaky ny Baiboly Afrikana sy Eoropeana. Tetik'asa fikarohana roa samy hafa no azo hanehoana an-tsary ity tranga vaovao ity. Ny voalohany dia ny «Tetik'asa Baiboly any Afrika» (Ukpong 2000) ny tapatapaky ny taona sivifolo; izay mirakitra ny fanadihadiana ireo heviteny ara-baiboly nataon'ny be sy ny maro tany Port Harcourt, Nizeria, ary Glasgow, any Ekôsy (Riches 1996). Ny fahasamihafana eo amin'ny fomba fampiasana ny Baiboly eo anivon'ireo konteksta roa ireo no tena navoitra, fa tsy niditra lalina tamin'ny fanaovana tombana ireo fahasamihafana ireo. Ny tetik'asa faharoa dia ny famelabelaran-kevitra natao ny taona 2006 tao Stellenbosch tany Afrika Atsimo, niompana tamin'ny lohahevitra hoe «Mpamaky ny Baiboly Afrikana sy Eoropeana mifanao dinidinika», ary nikaroka fomba ara-etika mampifandray ny teksta ara-baiboly sy ny konteksta iombonana izay efa fantatra any Afrika sy Eoropa (De Wit sy West 2008).

Raha ambara mivantana, ny dinidinika ifanaovan'ny Malagasy sy Norveziana araka ity Genesisy toko fahaefatra ity dia efa ampahany amina tetik'asa fikarohana nanomboka tany Amsterdam, miompana amin'ny hoe «Mijery ao anatin'ny mason'ny hafa : Kolontsaina samy hafa miara-mamaky ny Baiboly» (De Wit sy al. 2004). Ny tanjona

amin'ity tetik'asa ity dia ny hahafahana mihevitra sy mamakafaka, amin'ny alalan'ny traikefa ananana, ny zavatra mitranga rehefa vondron'olona vitsivitsy mpiara-mamaky ny Baiboly, izay avy amina konteksta ara-kolontsaina samy hafa tanteraka, no mamaky andinintSoratra Masina mitovy ary mandray anjara mifampidinika ny amin'izay mety ho heviny. Ny tompon'ny vina sady tompon'andraikitra voalohany amin'ity soritr'asa ity, Hans de Wit (2004, 488; 2012, 17 – 32), dia nanindry singa telo manokana mikasika ny fomba famakafakana ny Baiboly araka ny kolontsaina samy hafa : (1) fandinihana ny fifandraisana misy eo amin'ny kolontsaina sy ny dingana famakafakana teksta avy ao amin'ny Baiboly; (2) fikarohana ireo fomba ahazoana mifanerasera ny amin'ny heviteny avy amina teksta ao amin'ny Baiboly, izay tsy tokony hosakanan'ny faritany ara-kolontsaina; ary (3) fandinihana manokana ny fanontaniana mipetraka momba ny fahafahana sy fahamarinana mihoatra ny faritany ara-kolontsaina.

Ao amin'ny fomba famakafakana ny Baiboly araka ny kolontsaina samy hafa, izay voaray araka ireo singa telo voalaza ireo, dia manana anjara toerana lehibe ny antsoina hoe «ny mpamaky hafa» (De Wit 2012, 47 – 58). Ny fampahafantarana ny hevity ny teksta ao amin'ny Baiboly ivelan'ny faritany ara-kolontsaina sy ny fanehoana fahefana anaty miandany ara-kolontsaina sy mampijoro hevitra eo amin'ny famakiana ny teksta, dia mila olona na vondron'olona afaka mifanombo araka ny maha «mpamaky hafa» ny tsirairay, izany hoe, araka ny maha mpamaky izay mitaratra sy maneho traikefa ara-tsosialy sy ara-kolontsaina ary mihevitra ny an'ny hafa kokoa noho ny an'ny tena. Midika izany fa mila olona mahay manolotra tsikera amin'ny famerenana mamaky indray ny teksta efa novakina.

Ny singa faharoa amin'ny famoahana heviteny araka ny fifampidinihan'ny Malagasy sy Norveziana ity Genesisy toko fahaefatra ity dia ny teksta ihany, satria ity teksta manokana ity dia tafiditra ao

anaty dinidinika famoahana heviteny maro samy hafa. Ireo dinidinika ireo dia mifampiankina ara-tantara, ara-kolontsaina ary ara-tsangan-kevitra. Kely ihany no anjara biriky azon'ireo dinidinika ireo entina eto amin'ity fifampidinihana etoana ity. Na izany aza, manintona ny saina ny dinidinika miisa roa avy any amin'ny faritra «Afrika» mikasika ny Genesisy toko fahaefatra izay notanterahin'ny taranaka iray tany aloha. Satria mifantoka amina paik'ady famoahana heviteny hahatonga fanovana. Ny voalohany dia ny fahaizana mamaky ny tantaran'i Kaina sy Abela araka ny fomba fijery sy famakafakana ny Baiboly miainga amin'ny zava-misy ara-kolontsaina. Ny ohatra iray eto dia i Modupe Oduyoye, Nizeriana iray mpandinika ny fomba fiteny. Namoaka heviteny araka ny Genesisy toko voalohany hatramin'ny fahairaika ambin'ny folo izy ary manohana ny heviny fa ny tantaran'i Kaina sy Abela dia mitaratra fifandirana eo amin'ny fomba fiaina manorimponenana (Kaina) sy ny fomba fiainan'ny mpiandry ondry mifindrafindra monina (Abela). Fifandirana izay mitranga any amin'ny faritr'i Afrika nentim-paharazana ihany koa. Manazava i Oduyoye fa ny teksta dia miandany amin'ny lafim-piainana mifindrafindra monina; ary izany dia mety hanampy ny mpamaky Baiboly Afrikana ankehitriny handinika ny traikefa ara-kolontsaina sy ara-politika ananany, miainga avy amin'ny fomba fijery ny lafim-piainana mifindrafindra monina (1984, 63 – 74).

Ny dinidinika faharoa dia momba ny fahaizana mamaky ny Genesisy toko fahaefatra araka ny fomba fijery sy famakafakana ny Baiboly miainga amin'ny lohahevitra ny fahafahana. Ny ohatra raisina etoana dia ny an'ny teolojiana avy any Afrika Atsimo, Allan Boesak sy Itumeleng Mosala, izay samy nampiasa ny tantaran'i Kaina sy Abela hanehoany an-tsary ny tolona natao tamin'ny «apartheid». Ny an'i Boesak dia miainga avy amin'ny fomba fijery amin'ny fahalalana soratra (Boesak 1984); ny an'i Mosala kosa miainga avy amin'ny fomba fijery mitsikera fototra sy ara-materialy (Mosala 1989). Ireo fandinihana

ny Genesisy toko fahaefatra nataon'ny «Afrikana» tamin'ny taona valopolo ireo dia nahasarika olona kokoa ny taona sivifolo. Tany Afrika Atsimo, i Gerald West dia nandinika ny famoahana heviteny nataon'i Boesak sy Mosala, ary nanamarika ny tokony hisian'ny toro-dalana amin'ny famakafakana ny Baiboly izay miandany amin'ny fomba hita maso amin'ireo mponina mahantra sy voageja (West 1995). Tany Etiopia, i Mark McEntire, misionera Amerikana ary manam-pahaizana ara-Baiboly, dia namaky ny boky nosoratan'i Mosala, Boesak ary Oduyoye niaraka tamin'ny mpianany Etiopiana. Nanamarika izy ny tokony hisian'ny tari-dalana amin'ny famakafakana ny Baiboly izay manome alalana ny hamakiana, miaraka amin'ny jery kiana, vakinteny samy hafa araka ny konteksta maro samy hafa (McEntire 2000).

Tsy ho vitako ny hiditra lalina amin'ireo singa roa mikasika ny famoahana heviteny araka ny fifampidinihan'ny Malagasy sy Norveziana ity Genesisy toko fahaefatra ity. Na izany aza, ny resadresaka manodidina ireo singa roa ireo dia tokony ho ampy hametraham-panontaniana mifanaraka amin'ny fikarohana atao etoana, mba hahatonga ny dinidinika hiteraka fanovana. Ny fanontaniana voalohany tokony hipetraka dia ny hoe hatraiza no ahafahan'ny fifampidinihana ataon'ireo sokajy roa mpandinika Baiboly ireo hitarika azy hahatakatra fa olona mpanao heviteny mitovy saranga izy, raha tsy mitodika amin'ny zava-nisy momba ny fanjanahantany sy ny nataon'ny misionera tany aloha. Ny fanontaniana iray hafa dia ny hoe hatraiza no ahafahan'ny dinidinika atao, hitarika ireo mpikambana isan-tsokajy hahita ary hanao fanamby ny amin'ny fomba fijery mamakafaka ny atao hoe «mpamaky hafa» araka ny kolontsaina misy azy. Ny fanontaniana fahatelo dia ny hoe hatraiza no ahafahan'ny dinidinika atao, hamporisika ny sokajy rehetra hikoroka izay hahatonga azy hilona ao anaty kolontsaina hafa ary hanana fahafahana eo amin'ny fifandrifin'ny teksta ao amin'ny Baiboly sy ny traikefa iainany.



## **Ny amin'ny atao hoe Fahamarinana eo amin'ny fifampiresahana**

Rehefa nanomboka ny fandinihana Baiboly isan-tsokajy ary ny fifampiresahana, dia niompana tamina hevitra manokana iray izahay, dia ny amin'ny atao hoe fahamarinana. Tsy voalaza ao anatin'ny tantaran'i Kaina sy Abela ny teny hoe *fahamarinana*, ary tsy hita soritra ihany koa ao amin'ny fanolorana ity tetik'asa ity. Natao fanahy iniana tsy napetraka izany, mba tsy hahatonga ny fifampiresahana ifototra amin'izany. Na izany aza, hita taratra ao anatin'ny tantara mazava tsara ny atao hoe fahamarinana – na ny fahamarinana araka an'Andriamanitra na ny fahamarinana araka ny olombelona – noho izany ny fanontaniana ny amin'ny hoe fahamarinana dia mety azo ampidirina ao anaty ohatra fanehoan-kevitra.

Raha ampifandraisina amin'ny Genesisy toko fahaefatra, ny atao hoe fahamarinana araka an'Andriamanitra dia azo fehezina anaty fehezanteny hoe : Andriamanitra ve tena maneho ny fahamarinana ao anaty tantara iray izay mampiseho Azy fa nankasitraka an'i Abela, ilay mpiandry ondry, sy ny fanatitra izay nateriny dia ny voalohan-teraky ny biby fiompiny; ary tsy mba nankasitraka kosa an'i Kaina, ilay mpamboly, sy ny fanatiny avy amin'ny voankazo avy ao amin'ny tany?

Ity tranga izay fanalahidin'ny tantara ity dia nampisy olana teo amin'ireo mpikambana ao anatin'ny sokajy avy ao Stavanger. Ny tatitra voalohany nalefany dia nanehoany hevitra manambara fa tsy marina ny fomba fiasan'Andriamanitra amin'ny olona, ary nametrampanontaniana izy ireo – angamba raha ny fahitako azy dia mamerina ny fanontaniana izy – manao hoe tsara kokoa ve izany ny mpiandry ondry noho ny mpamboly. Nametraka fanamby ho an'ny sokajy avy ao Stavanger ny olana ao amin'io Genesisy toko fahaefatra io izay maneho sary an'Andriamanitra fa tsy marina Izy; ary nandritra ny fotoana nifampiresahana dia tsy voavaha izany olana izany. Amin'ny lafiny

iray, nanohana hevitra izy ireo fa mazava ihany ny fanehoan'ny Baiboly an'Andriamanitra ny amin'ny fifidianany olona sasany – ohatra i Jakoba (izay mpandainga), Mosesy (izay mpamono olona), Rahaba (izay vehivavy janga); satria Andriamanitra dia mijery ny ao amin'ny fo ary mahalala ny zavatra rehetra. Amin'ny lafiny hafa kosa, ny fanehoana irazotra an'Andriamanitra izay mandà ny olona sasany, toa an'i Kaina, dia tsy mazava mihitsy; ka ny hany fomba tokana ahafahana mahazo izany dia ny fanekena fa ny fihevitr'Andriamanitra dia ambony lavitra mihoatra noho ny fiheverantsika. Noho izany, ny tatitra fahatelo nalefan'ireo mpandinika ny Baiboly avy ao Stavanger dia nofintininy tam-pisalasalana ihany ny amin'ny maharesy lahatra azy ireo manao hoe : «Fantatray fa Andriamanitra dia tsy mba tsy marina».

Ny sokajy avy ao Fianarantsoa indray dia tsy nanana olana tamin'ity tranga fanalahidin'ny tantara ity, naneho hevitra izy ireo fa tsy vitan'ny hoe rariny raha nolavin'Andriamanitra i Kaina sy ny fanatiny, raha vakina amin'ny fomba fijery nentim-paharazana malagasy; fa hita koa fa mety ho fiantraikan'ny karazan'ny fanatitra naterin'ireo mpirahalaha ireo no anton'izany. Ny fomba nentim-paharazana malagasy dia mampisaraka mazava tsara ny maha samy hafa ny fanatitra alatsa-dra sy ny tsy alatsa-dra, izany hoe avy amin'ny vokatry ny tany. Ny voalohany dia fanatitra lafo sy mendrika indrindra, izay aterina ho an'ily Andriamanitra mpahary, dia Zanahary, mba ho famelana ny ota. Ny faharoa kosa dia fanatitra mora vidy ary tsy dia mendrika, ary na dia azo atolotra an'i Zanahary ho fanatitra voaloham-bokatra aza izany, matetika dia ho an'ireo razambe sy fanahy hafa no hanaterana izany. Noho izany, ho an'ireo sokajy avy ao Fianarantsoa dia tsy mahagaga loatra raha nankasitranan'Andriamanitra ny fanatitra lafo vidy kokoa sy tena sarobidy, izay natao indrindra ho an'Ilay Mpahary sy mifanaraka amin'izay andrasany. Ny sokajy avy ao Fianarantsoa koa dia nanamafy fa ny fanapahan-kevitr'i Abela ny hanatitra ny fanatitra mendrika indrindra dia mifanaraka amin'ny fanambarana ao amin'ny

Testamenta Vaovao manao hoe : «Finoana no nanateran'i Abela ho an'Andriamanitra fanatitra tsara noho ny an'i Kaina» (Heb. 11 : 4).

Ny endrika anankiray hafa hanehoana an'Andriamanitra ao amin'ny Genesisy toko fahaefatra dia araka ny eritreritr'ireo sokajy mandinika Baiboly isanisany, izay manantena an'Andriamanitra hirotsaka an-tsehatra eo amin'ny fiainany. Ny sokajy avy ao Fianarantsoa dia nanantena ny fomba fiasan'Andriamanitra manoloana ny faharatsiana miseho. Midika izany, hoy izy ireo, fa ny olona izay iharan'ny fanitsakitsahana sy ny famonoana dia tsy tokony hamaly manoloana ny tsy fahamarinana mianjady aminy, fa hanantena an'Andriamanitra kosa, izay afaka hamaly izany. Izany indrindra no nataony tamin'i Kaina, izay nandray ny sazy mafaitra indrindra, raha jerena araka ny kolontsaina Malagasy, dia ny nandroahana azy hiala amin'ny tanindrazany. Somary hafa kely noho izay ny fomba nandraisan'ireo sokajy avy ao Stavanger ny sazy nihatra tamin'i Kaina : nazavainy tamin'ny fomba miabo fa Andriamanitra dia nanohy nikarakara azy ary izany dia nampifandraisiny amin'izay voalaza ao amin'ny andininy farany amin'ny toko : «Tamin'izany no vao niantsoana ny anaran'i Jehovah» (and. 26).

Ny fanehoan-kevitra samy hafa miankina amin'ny fomba fanehoana an'Andriamanitra ao amin'ity tantara ity dia nisy fiantraikany teo amin'ny fomba fahazoan'ireo sokajy roa ny fifandraisana misy eo amin'ny olona mpilalao ny tantara. Mahaliana ny mahita ireo sokajy anankiroa miara-manaiky fa ny olona mpilalao tantara eto dia tsy izy mirahalaha irery fa ny ray aman-dreniny ihany koa, na dia somary takona ao ambadiky ny tantara aza izy ireo.

Mora ho an'ireo sokajy anankiroa ireo ny namantatra fa nisy fifandirana teo amin'izy mirahalaha. Ny sokajy avy ao Fianarantsoa dia nanamarika fa araka ny fomba nentim-paharazana malagasy dia ny

lahimatoa no tokony ho tompon'andraikitra amin'ny fambolena ny saha, ary ny zandriny kosa no mikarakara ny biby fiompy. Koa satria ny zokiny no mahafantatra bebe kokoa ny tany izay fananan'ny fianakaviana, dia mety hampiasa izany fahalalany izany izy ahazoany tombontsoa manokana rehefa tonga ny fotoana hizarana ny lova. Izany dia mety hiteraka fifandirana eo amin'ny mpiray tampo. Araka ny kolontsaina malagasy, dia nanamarika koa izy ireo fa ny zandriny dia tsy manana alalana hisongona ny zokiny na amin'inona na amin'inona. Amin'izay lafiny izay dia azo hamarinina ny fahatezeran'i Kaina : i Abela dia naka ny toerana tokony ho an'i Kaina, ary i Kaina eto dia voatery nitondra tena toy ny mpikambana anaty ankohonana iray izay voahilikilika sy tsy raharahiana.

Ny sokajy avy ao Stavanger koa dia nahafantatra ny fisian'ny fifandirana teo amin'izy mirahalaha. Toy ny fomba fijerin'ireo namany avy ao Fianarantsoa, dia naneho ny zava-misy mampifanditra ny mpiray tampo izy ireo. Ny tranga sasany dia mifandray amin'ny resaka fananam-pianakaviana, ny hafa kosa dia mifandray amin'ny resaka arapivavahana samy hafa. Izy ireo dia niompana bebe kokoa tamin'ny olana mahatonga ny tsy fifampitokisana eo amin'ny mpiray tampo, izay miafara amin'ny fieritreretana ratsy. Maro amin'ireo mpikambana ao anatin'ny sokajy no nilaza ny amin'ny fialonana misy eo amin'ny mpiray tampo sy ny tsy fahaizany mifampiresaka. Niezaka nitady endrika isehoan'izany amina traikefa efa hitany izy ireo ao anatin'io tantaran'i Kaina sy Abela io. I Abela dia mety ho nanan-kambo; i Kaina kosa mety nanasa an'i Abela tany an-tsaha mba hitady izay hihavanany aminy, kanefa teo indrindra no niseho ny fahatezerany. Raha resahina amin'ny ankapobeny, ny sokajy avy ao Stavanger dia nisafidy hitondra fanazavana ara-tsaina. Notsindriany fa ny tsirairay dia samy tompon'andraikitra amin'ny fifehezana ny fihetsem-pony, na dia manao izay hahasolafaka azy aza ny hafa. Tsara kokoa ny mandamina ny fifandirana ary miresaka momba izany, noho ny mamalona izany

mangina fotsiny. Rehefa nampifandraisina tamin'ny tantaran'i Kaina sy Abela izany fomba fijery izany dia hita fa misy teboka hanindrian'ny tantara ny amin'ny ota : «ary hianao no kendren'ny faniriany, kanefa hianao no tokony hanapaka azy» (and. 7).

Samy nanamarika ihany koa ny sokajy anankiroa ny amin'ny anjara toeran'ny ray aman-dreny. Na dia mpilalao ivelan'ny tantara aza ny ray aman-dreny eto – ao amin'ny andininy voalohany sy faha dimy amby roapolo ihany no voatonona ny rainy, ary ny reniny kosa ao amin'ny andininy faharoa – ny sokajy anankiroa dia samy nanambara fa manana anjara toerana fanalahidy ao amin'ny fifandraisana misy eo amin'izy mirahalaha ny ray aman-dreniny. Hita taratra sahadry tao amin'ny tatitra voalohany voaray avy amin'ny sokajy avy ao Fianarantsoa fa nanakiana ireo ray aman-dreny ireo izy ireo ny amin'ny tsy fandraisany andraikitra manoloana ny tranga izay efa mihenjana. Araka ny kolontsaina malagasy, ny ray aman-dreny dia natao ho mpampihavana : tokony nandray andraikitra mialoha ireo ray aman-dreny ireo ary namaha ny olana nampifanditra dieny mbola tsy lasa lavitra. Ny sokajy avy ao Stavanger dia nanamarika ny tsy naha teo ireo ray aman-dreny ireo. Tao anatin'ny tatitra voalohany nosoratany, dia nanome soso-kevitra izy ireo fa ny antony nahatonga ny fifandirana dia vokatry ny zavatra nataon'ireo ray aman-dreny ireo. Nambarany fa rehefa mihombo ny fialonana eo anivon'ny mpiray tampo, matetika dia isan'ny mahatonga ny olana kokoa ny ray aman-dreny noho ny mitondra ny vahaolana.

Rehefa nalefa ny tatitra faharoa sy fahatelo dia hita fa tsy nitovy fomba fijery intsony ireo sokajy anankiroa, mikasika io anjara toeran'ny ray aman-dreny io. Ny sokajy avy ao Fianarantsoa, any Madagasikara, dia nanambara fa tsy ny ray aman-dreny velively no olana; izy ireo aza no vahaolana. Tompon'andraikitra amin'ireo zanany ny ray aman-dreny na dia efa lehibe sy manana ny tokantranony aza izy ireo, ary noho

izany ny ray aman-dreny dia manana alalana hiditra an-tsehatra eo amin'ny fiainan'ireo zanany. Ny sokajy avy ao Stavanger kosa etsy ankilany dia nanamarika fa tsy tokony hidikiditra amin'ny fiainan'ny zanany efa lehibe ny ray aman-dreny. Amin'ny maha ray aman-dreny anay, hoy izy ireo, dia azonay atao ny milaza izay mety fahatsapana sy eritreritray manoloana ny olana samy hafa mitranga, kanefa tsy tokony manome tolo-tsaina izahay. Raha midikiditra amin'ny fiainan'ny zanakay efa lehibe izahay, dia hahatezitra azy izany.

### **Fanantenana amin'ny fanovana**

Araka ny fampahafantarana natsidika tany amin'ny fampidirana, ny nahatonga ahy ho liana amin'ity Genesisy toko fahaefatra ity dia niainga tamina hetaheta hahalala raha misy fomba ahafahan'ity tantaran'i Kaina sy Abela ity mitondra fanovana ho an'ireo mpamaky amin'izao vaninandro ankehitriny izao – na amin'ny lafiny tena manokana, na arapanahy, na koa ara-politika. Nanaiky aho fa nitsara mialohan'ny fotoana ny fanehoan'ny tantara an'Andriamanitra ho «tsy mazava ary tsy rariny» ny nankasitrahany an'i Abela sy ny fanatiny, ary ny tsy nankasitrahany an'i Kaina sy ny fanatiny. Na dia izany aza, nanapakevitra aho ary nanontany raha afaka mampanantena fanovana ny fisian'ny fifampiresahana atao-na kolontsaina samy hafa amin'ity tantara ity. Rehefa nandeha ny asa sy ny fifampiresahana, dia voamarina fa dia izay tokoa no zava-nisy. Ohatra anankitelo no noraisiko antoratra, taorian'ny fanontaniana anankitelo izay napetrako rehefa namintina ny fizarana mikasika ny konteksta eo am-pamakafakana aho.

Ny fanontaniako voalohany dia mikasika ny hoe hatraiza no ahafahan'ny fifampidinihana ataon'ireo sokajy roa mpandinika Baiboly ireo hitarika azy hahatakatra fa olona mpanao heviteny mitovy saranga izy, raha tsy mitodika amin'ny zava-nisy momba ny fanjanahantany sy

ny nataon'ny misionera tany aloha. Ny fototra iorenan'ity fanontaniana ity dia ny fifamatorana ara-tantara misy eo amin'ny Loterana Malagasy sy Norveziana. Tao anatin'izany, ny Misiona Norveziana dia nisarika ny fampandrosoana teo amin'ny Fiangonana Loterana Malagasy mihoatra ny taonjato iray. Ny fampahatsiahivana ny hoe «Stavanger», izay tanànan'ny misiona sy ny Sekoly Misiona natao hanofanana ireo misionera, dia mihoatra lavitra noho ny tsiahy ara-jeografika fotsiny : izany dia maneho ny fahefana ara-teolojika, sy ara-drafitra ary ara-toekarena ananan'ny masoivohon'ny misiona izay nanorina ny Fiangonana Loterana Malagasy.

Tsy nisy endrika nahitana tao anatin'ny tatitra nalefan'ny sokajy mpandinika Baiboly avy ao Stavanger fa nahafantatra izay lafiny aratantara izay izy ireo, na nihevitra ny hikaroka izany akory. Mifanohitra amin'izay anefa, tao anaty fandinihana tranga anankiroa dia nametrampanontaniana izy ireo, izay nahitana taratra fa somary nanindry hazo lena ireo namany ao Fianarantsoa. Ny ohatra iray dia mikasika ny sokajy avy ao Fianarantsoa, izay nanambara fa ny fanatitra naterin'i Abela dia tsara lavitra noho ny fanatitra naterin'i Kaina, raha nampifandraisiny tamin'ny fomba nentim-paharazana Malagasy. Io fomba fijerin'ny sokajy avy ao Fianarantsoa io, indrindra fa ny antony nanamarinana izany, dia nahasadaikatra ny sokajy avy ao Stavanger. Nanontany izy ireo, sady somary sahirana raha ny fahitako azy, hoe maninona ny kristiana any Madagasikara no mbola mifikitra amin'ny fombam-pivavahana Malagasy nentim-paharazana. Na dia mety nahitana taratra ny ohatra tsindry hazo lena ataon'ireo tandrefana aza izany fanontaniana izany, dia novalian'ny sokajy avy ao Fianarantsoa tamin'ny fomba malefaka izany. Nazavainy tamin'ireo Norveziana ny endrika sasantsasany isehoan'ny zava-misy any Madagasikara mikasika ny fandinihana ny Baiboly miainga amina karazana kolontsaina maro. Mbola manohy misarika ny Malagasy, na kristiana na tsy kristiana, ny fomba fisainana talohan'ny nahatongavan'ny fivavahana kristiana.

Nanamafy anefa ny sokajy avy ao Fianarantsoa fa ny endriky ny fivavahana talohan'ny nahatongavan'ny fivavahana kristiana dia tsy azo lazaina ho tsy ara-baiboly avokoa. Ny ohatra anankiray hafa dia mikasika ny sokajy avy ao Fianarantsoa ihany ary mbola mifandraika amin'ny fanambarany izay nampifandraisany ny tranga niseho amin'ny nentim-paharazana malagasy. Nanambara izy ireo fa Andriamanitra dia tokony hiditra an-tsehatra mivantana mamaly ny faharatsiana miseho, ary Izy dia mamaly ireo izay iharan'ny fahoriana. Ny sokajy avy ao Stavanger dia somary tsy dia resy lahatra ary nisy endrika fanoharana ny fanontaniany hoe izay fomba fijery izay ve mahakasika ny fomba fisainana araka ny nentim-paharazana Malagasy ihany sa araka ny fomba fisainan'ny kristiana Malagasy ihany koa. Namaly izany ny sokajy avy ao Fianarantsoa ary nanamarika fa maro amin'ny fomba fisainana Malagasy no irazotra amin'ny fahamarinana ambaran'ny Testamenta Taloha, mikasika ny fomba famalian'Andriamanitra sy ny fitsarany.

Am-pahasahiana no ilazako fa ireo ohatra anankiroa ireo dia mampiseho fa miralenta ny fomba famakafakana ataon'ireo sokajy anankiroa ireo. Tsy nisy nahitana na tao amin'ny ohatra voalohany na tao amin'ny faharoa hoe nahatsapa ny tenany ho ambany ny Malagasy teo amin'ny famakafakana nataony. Mifanohitra indrindra amin'izany aza, tao anatin'ireo tranga anankiroa ireo, ny fifampiresahana miainga amina kolontsaina samy hafa dia nahafahan'ny sokajy avy ao Fianarantsoa nihoatra ireo namany (na dia teo aza ny hoe «Stavanger»!), ary tao anatin'izany koa izy ireo dia nitodika tamin'ny Baiboly ahafahany manamarina ny antony nampiasany ny fomba nentim-paharazana Malagasy ho loharano hanovozana ny famakafakana ny tantaran'i Kaina sy Abela.

Ny fanontaniana napetrako faharoa dia ny hoe hatraiza no ahafahan'ny dinidinika atao, hitarika ireo mpikambana isan-tsokajy



hahita ary hanao fanamby ny amin'ny fomba fijery mamakafaka ny atao hoe «mpamaky hafa», araka ny kolontsaina misy azy. Ity fanontaniana ity dia niainga tamina hetaheta te hampihaona ny mpamaky ny Baiboly araka ny fomba famakiany azy mifanaraka amin'ny kolontsaina misy azy avy. Araka ny nambaran'i Hans de Wit (2012, 47 -58), ny fomba mahomby indrindra ahafahana manao izany dia ny mampifanatrika ny fomba famakiana teny Soratra Masina anankiray amin'ny anankiray hafa, miainga amina traikefa ara-tsosialy sy ara-kolontsaina samy hafa.

Hatramin'ny voalohany, ireo sokajy anankiroa mpandinika ny Baiboly ireo dia samy nanana ny fomba fandinihany ny teksta voalahatra. Etsy andaniny, ny sokajy avy ao Stavanger dia namaky ny tantaran'i Kaina sy Abela, ary notarafiny tamin'ny traikefa ananany manokana amin'ireo iray tampo aminy sy ny ray aman-dreniny izany. Etsy ankilany kosa, ny sokajy avy ao Fianarantsoa dia nandefa ny tatitra voalohany hanomezany soritra amin'ny ankapobeny ny fomba nentim-paharazana ara-kolontsaina sy ara-pivavahana misy eto Madagasikara, sy ny fifandraisany amin'ity tantara ara-tSoratra Masina ity. Somary tohina ireo Norveziana ary nanontany tao anatin'ny tatitra faharoa nalefany hoe nahoana no nomena tari-dalan'ny tetik'asa mitovy ny sokajy anankiroa, ary nanakiana ny Malagasy izy ny amin'ny nanoloran'izy ireo lesona mikasika ny kolontsaina sy fivavahana nentim-paharazana, fa tsy nanome andinindiny mikasika izay fomba mety ahafahany mampihatra izay voalaza ao anatin'ny teksta, amin'ny fiainana maha kristiana azy. Namaly izany kiana izany ny sokajy avy ao Fianarantsoa ary nanambara fa ny tatitra alefa dia tokony mitaratra ny dinidinika nifanaovan'ny mpikambana rehetra anaty sokajy, ka tian'izy ireo ny hampita ny eritreriny amin'ny «fomba mitaratra fiombonana».

Tamin'ny tatitra farany voaray avy tamin'ny sokajy avy ao Stavanger, dia mbola voaresaka ihany io lohahevitra io, saingy tamin'ny fomba nilefitra kokoa. Nilaza izy ireo fa tany am-piandohana dia nikasa

hamaky ny teksta amin'ny maha kristiana azy izy, fa tsy amin'ny maha Norveziana azy. Kanefa, voamarina tamin'ny fomba ankolaka ny modely napetrak'i De Wit ny amin'ny «mpamaky hafa», rehefa nanao jeritodika izy ireo dia nahatsapa fa voasarika tao anatin'ny kolontsaina iainany koa izy. Nanome ohatra izy ny amin'ny kolontsaina miralenta, izay mifanohitra amin'ny kolontsaina manandratra olom-bitsy any ankafa rehetra any. Eo ihany koa ny anjara toeran'ny fianakaviana izay tsy dia manan-danja loatra toy ny zava-misy any Madagasikara, raha jerena araka ny konteksta Norveziana. Tsy dia ho sarotra angamba ny hanonona ohatra hafa ny amin'ny fomba fanadihadiany ity tantaran'i Kaina sy Abela ity, izay ahitana tandindon'ny kolontsaina Norveziana. Ohatra amin'izany ny safidiny hanome fanazavana ara-tsaina sy ny fomba mitoka-monina hita taratra ao anatin'ny famakafakana ataony; izay manome alalana ny traikefan'ny olona tsirairay hibahana kokoa noho ny an'ny sokajy manontolo. Izany anefa dia mifanohitra amin'ny an'ireo Malagasy izay maneho ny famakafakana amin'ny «fomba mitaratra fiombonana».

Ny fanontaniako farany dia ny hoe hatraiza no ahafahan'ny dinidinika atao, hamporisika ny sokajy rehetra hika-roka izay hahatonga azy hilona ao anaty kolontsaina hafa ary hanana fahafahana eo amin'ny fifandrin'ny teksta ao amin'ny Baiboly sy ny traikefa iainany. Ny ambadik'io fanontaniana io dia mifono tsiahy ny fanjanahantany nataon'ny Eoropeana tany Afrika. Fanjanahantany izay niseho tsy tamin'ny endrika hery famoretana ara-politika sy fanararaotana ara-toekarena ny kontinanta ihany anefa, fa tamin'ny faneriterena ara-kolontsaina, sy ara-pivavahana ary tamin'ny fiteny ihany koa. Ny Baiboly dia nanana anjara toerana lehibe sady sarom-patarina tao anatin'ny tantaran'ny fanjanahantany sy taorian'ny fanjanahantany tany Afrika. Ny Baiboly dia nampiasaina indrindra hanamarinana ny hery famoretana sy fanararaotana nanaton'ireo Eoropeana, kanefa azo lazaina ihany koa fa nampiasaina hamporisihana ny fanoharana nataon'ireo

Afrikana izany; raha araka ny fomba fijery ny fandraisana ny soatoavina ara-kolontsaina samy hafa nisy, sy ny fomba fijery ara-teolojika ny fahafahana (Holter 2008).

Raha miverina amin'ny fifampiresahana nataon'ny Malagasy sy ny Norveziana isika, dia hita mazava tsara fa samy hafa ireo fomba fijery famoahana heviteny anankiroa ireo. Etsy andaniny, hita taratra mazava tsara ao anatin'ny fifampiresahana ny fomba fijery ara-teolojika izay mandray ny soatoavina ara-kolontsaina. Miverimberina matetika ny tsiahy ny fomba nentim-paharazana ara-kolontsaina sy ara-pivavahana Malagasy, ataon'ny sokajy avy ao Fianarantsoa. Ny ampahany iray dia ampiasainy hanaovana famakafakana ny konteksta amin'ny ankapobeny, ary ny ampahany hafa kosa dia ampiasainy ho loharano hamoahana ny famakafakana. Ohatra ny fomba fieritreretany ny amin'ireo karazana fanatitra anankiroa, na koa ny fomba fandinihany an'i Kaina izay noroahina niala tamin'ny taniny. Nanaiky ihany ny sokajy avy ao Stavanger fa nitaratra ny kolontsainy manokana ny fomba namakiany ny teksta. Tetsy andaniny, raha namporisika ny sokajy avy ao Fianarantsoa hiaroka loharano hanadihadiana ny konteksta ara-kolontsaina misy azy ny fifampiresahana; tetsy ankilany kosa ireo namany avy ao Stavanger dia tsy nampiasa ny traikefa sy ny olana manokana iainany ao amin'ny konteksta misy azy hitondrana ny famakiana ny tantara.

Rehefa tonga eo amin'ny fanontaniana mikasika ny fomba fijery ara-teolojika ny fahafahana indray, dia tsy nahitana taratra izany mihitsy tao anatin'ny fifampiresahana natao. Mety ho maro no antony nahatonga izany. Ny antony voalohany dia satria ireo sokajy anankiroa ireo dia samy avy amina saranga ara-tsosialy antenantenany avokoa, noho izany tsy nisy na iza na iza tao anatin'ny sokajy nitady hila izany hoe «fahafahana» izany. Ny antony manaraka dia satria ny Malagasy, izay nandalo fanjanahantany tokoa, dia manana tantaran'ny

fahaleovantena efa ho antsasaka taonjato iray taorian'ny nanafahana azy. Na inona na inona no antony, dia mifandray amin'ny valin'ny fanadihadiana arahim-porofo, voarakitra anaty pejy miisa telon-jato mikasika ny famakian-teny faobe ny Jaona toko fahaefatra, nataon'i De Wit; izay manambara fa anaty dinika tahaka ity natao ity dia kely ihany no azo itarafana amin'ny endrika hita maso ny hevitra ara-tsosialy sy ara-politika ny atao hoe teolojian'ny fahafahana (2012, 63).

Tao amin'ny fizarana tany aloha, mikasika ny konteksta eo am-pamakafakana, ao anatin'ity dinidinika ity, dia nanao tsiahy aho ny zava-mahaliana amin'ny famakiana ity Genesisy toko fahaefatra ity, araka ny fomba fijery «Afrikana» tany amin'ny taona valopolo. Isan'izany ny famakian-teny manaraka ny soatoavina ara-kolontsaina eo am-pamakafakana ny Soratra Masina nataon'i Modupe Oduyoye; ary koa ny famakian-teny mamakafaka lalina ny amin'ny fahafahana ao amin' ny Soratra Masina nataon'i Allan Boesak sy Itumeleng Mosala. Nanamarika ihany koa aho fa ireo famakian-teny nataon'ny «Afrikana» mikasika ny tantaran'i Kaina sy Abela ireo dia nahasarika olona kokoa ny taona sivifolo. Araka ireo zava-misy ireo, dia azo ekena fa ny Genesisy toko fahaefatra dia mbola azo ampiasaina hangalana ohatra ny traikefa sy zava-misy fototra ao amin'ny fomba famakafakana ny Soratra Masina ataon'ny «Afrikana». Na dia izany aza, mampalahelo fa tsy ela akory, dia nisy famoahana heviteny mikasika ny bokin'ny Genesisy tany «Afrika», toy ny nataon'i Barnabe Assohoto sy Samuel Ngewa (2006) ary i Rodney Sadler (2010), izay tsy nanisy lanjany ny traikefa sy zava-misy niainana mandray ny soatoavina ara-kolontsaina sy ny fahafahana eo am-pamakafakana lalina ny Soratra Masina izay nataon'i Oduyoye, sy Mosala ary Boesak. Te hilaza aho hoe ireo famakiana ny Genesisy natao taty aoriana dia maneho ny zava-misy amin'ny fomba famoahana heviteny ankehitriny.

Tena tsy ampy ny vokatry azo tamin'ny alalan'ny fifampiresahana nataon'ny Malagasy sy ny Norveziana raha ampitahaina amin'ny zavamisy amin'ny fomba famoahana heviteny ankehitriny. Kanefa, raha ny famakiana ny Genesisy toko fahaefatra nataon'ny sokajy mpamaky ny Baiboly avy ao Fianarantsoa, izay nampiasa ny fomba fijery mandray ny soatoavina ara-kolontsaina eo am-pandinihana ny Soratra Masina, dia azo lazaina fa singa iray entina manambara fa mbola mila mifantoka bebe kokoa amin'ny atao hoe fahamarinana sy fanovana isika, araka ny nambaran'ireo taranaka tany aloha sy taty aoriana izay mpanao heviteny matihanina ny Baiboly any Afrika.

## **TANORA MALAGASY SY TAILANDEY ARY NORVEZIANA MIARA-MAMAKY NY LIOKA 15**

Inona no mety hitranga raha toa ka misy andiana tanora iray manaiky hiara-mamaky andinin-tSoratra Masina iray amina andiana tanora hafa, izay monina any amin'ny toerana misy konteksta ara-jeôgrafika sy ara-piarahamonina samy hafa? Amin'ny lafiny manao ahoana no mety hisy fiantraikany amin'ny fahatakarana ny hevitra fonosin'ny andinin-tSoratra Masina ny fisian'ny konteksta samy hafa? Ary amin'ny fomba manao ahoana no mety hitarafana ireo konteksta samy hafa ireo amin'ny traikefa samy hafa hita eo am-pamakiana ny teny?

Ity asa soratra ity dia maneho sy miresaka ny traikefa vitsivitsy hita eo amin'ny asa fikarohana iray misy fifangaroana kolontsaina samy hafa, izay ahitana andiana tanora anankitelo miara-mamaky andinin-tSoratra Masina iray. Ireo vondrona tanora ireo dia ahitana tanora lahy sy vavy 16 hatramin'ny 18 taona, avy any Antananarivo (Madagasikara), Bangkok (Tailandy), ary Stavanger (Norvezy). Ny andinin-tSoratra Masina niarahany namaky dia ny fanoharana ny amin'ilay zanaka adala izay hita ao amin'ny Lioka 15 : 11-32, ary ny fiaraha-mamaky dia nanomboka ny volana Mey hatramin'ny Septambra 2014. Mizara efatra ity asa soratra ity : hatrany am-boalohany, maneho ny hevi-dehibe (a) momba ny konteksta misy ity fikarohana ity sy (b) ny tetik'asa fandalinana Soratra Masina, manaraka izany (d) ny votoatiny ankapobeny amin'ity asa soratra ity, dia ny fanadihadiana ny tatitra avy amin'ny famakian-teny nataon'ireo vondrona mpandalina Soratra Masina telo ireo, ary farany (e) miverina amin'ny teboka nanombohako azy, dia ny famakafakana fohy ny fomba azo ampifandraisana ny traikefa hita avy amin'ity soritrasa ity sy ny konteksta misy izao fikarohana atao izao.

## **Konteksta misy ny asa fikarohana**

Mihoatra ny taonjato anankiroa, ny fifehezana ara-akademika ny fandalinana Soratra Masina dia nametraka mandrakariva ny «mpanoratra» ny lahatsoratra ao amin'ny Baiboly ao amin'ny konteksta misy azy. Ny voambolana hoe «mpanoratra» araka izany dia ampiasaina amin'ny heviny mivelatra kokoa, izay mifandray ihany koa amin'ny konteksta ara-tantara, ny nentim-paharazana, ny miralenta, ny fivoitran' ny lahatsoratra, ny asa fanontàna, sns. Araka ny fanao mahazatra, ny fandalinana Soratra Masina dia nanome alalana ity fametrahana ny «mpanoratra» ao anaty konteksta ara-tantara ity, handray anjara lehibe amin'ny fananganana ny hevitra ny lahatsoratra. Vokatry'izany ary, rehefa omena vahana kokoa ny mikasika ny «mpanoratra» amin'ny fandalinana Soratra Masina, dia hita amin'ny ankapobeny fa mitarika amin'ny tsy fanomezana lanja izay tokony ho anjara asan'ilay tena mpamaky izany. Marihana fa ny ankamaroan' ny tena mpamaky dia ireo izay antsoina hoe «olon-tsotra» mpamaky Baiboly, izany hoe olona tsy niofana manokana amin'ny fanaovana heviteny famakafakana Baiboly.

Azo hamarinina fa nahita famoahan-kevitra momba izany isika tao anatin'ny taona vitsivitsy lasa. Isan'izany ny fampiharana modely famakafakana ara-literatiora mifantoka amin'ny mpamaky, tamin'ny fandalinana Soratra Masina. Isan'izany ihany koa ny fampiasana paik'ady amin'ny heviteny miainga amina foto-kevitra feno fahalalahana, amin'ny fanaovana heviteny ao amin'ny Baiboly (Segovia sy Sugirtharajah 2009). Ohatra, avy amin'ny fomba fijerin'ireo mpiaro ny zon'ny vehivavy na ny an'ny mpanelaka (homosexuels), na koa avy amin'ny fomba fijerin'ireo mpandinika Soratra Masina malala-tsaina ary ny fomba fijery manaraka ny vanim-potoana taorian'ny fanjanahana. Kanefa, na dia navesa-danja aza ny sarisarin'ny vokatra rehetra hita tamin'ny alalan'ireo modely famakafakana ara-literatiora sy

ireo paik'ady amin'ny heviteny miainga amina foto-kevitra feno fahalalahana ireo, dia hita ihany fa saika fomba fijery famakafakana sy ara-tantara efa fahita hatramin'izay ihany izany, satria dia mitaratra fa paik'ady amin'ny heviteny miainga avy amina olona voaofana manokana hanao fitsikerana izany. Tsy misy na dia iray amin'ireo aza no mahatakatra izay azontsika antsoina hoe hevitenin'ny Baiboly ataon'ny sarambambahoaka. Araka izany no fomba famakian-teny ao amin'ny Baiboly ataon'izay antsoina hoe mpamaky «olon-tsotra». Raha ny marina, tsy dia tena mahalala loatra isika ny fanaovana heviteny na ny paik'ady entin'ireo «olon-tsotra» mpamaky Baiboly manao heviteny, na dia fantatra aza fa farafahakeliny ny 99,9% amin'ny mpamaky Baiboly dia «olon-tsotra» avokoa (Malley 2004).

Tao anatin'ny taona vitsivitsy lasa, nefa, dia nahasarika manampahaizana vitsivitsy ny fandinihana ny fanaovana heviteny sy ny paik'ady entin'ireo «olon-tsotra» mpamaky Baiboly manao heviteny. Nihamaro an'isa hatrany ny mpikaroka nandalina ny heviteny ataon'ny sarambambahoaka amin'ny Baiboly (ny ohatra voalohany dia ny an'i West sy Dube 1996, ary Malley 2004, ary ny ohatra hita vao tsy ela izay dia ny an'i Kinyuha 2011 sy ny an'i Autero 2016). Ny tena maha zavadehibe ity asa soratra ity sy ny fifantohany amin'ny fifandraisan'ny kolontsaina samy hafa, dia ireo fandalinana niainga avy tamin'ny tambajotram-pikarohana, natombok'i Hans de Wit, izay nisahana ny fampianarana ny taranja «Dom Helder Camara Chair for Peace and Justice» tao amin'ny Oniversite VU tao Amsterdam hatramin'ny taona 2015. Raha fintinina, i de Wit sy ny tambajotram-pikarohany dia nandrafitra modely iray izay ahitana vondrona fandalinana Soratra Masina maromaro avy amina sehatra ara-kolontsaina, sy arapivavahana, sy ara-tsosialy, sy ara-toekarena ary ara-jeôgrafia samy hafa, ka miara-mamaky andinin-tSoratra Masina. Izany hoe, samy mamaky ny andinin-tSoratra Masina ny vondrona tsirairay amin'ny toerana samy hafa, dia manoratra tatitra rehefa vita ny famakian-teny



ary omena hovakian'ireo vondrona hafa ny tatitra. Avy eo indray dia mamerimberina mamaky ny andinin-tSoratra Masina ny vondrona tsirairay, ary ny famakian-teny dia tarafina amin'ny tatitra voaray avy amin'ireo vondrona hafa; jerena amin'izany ny traikefa niainan'izy ireo ny famakiana ny andinin-tSoratra Masina (ny modely etsy ambany no ahitana misimisy kokoa ny mikasika izany). De Wit sy ny tambajotram-pikarohany dia nahay niara-niasa tamina vondrona fandalinana Soratra Masina avy amin'ny lafy valo manerana izao tontolo izao, handrafetany sy hampiharany ity modely famakiana Baiboly «amin'ny alalan'ny mason'ny hafa» ity; ary koa hanangonany tahirin-kevitra mifototra amin'ny traikefa ara-pratika sy hahafahana mifanakalo hevitra famakafakana hevitenin'ny Baiboly avy amin'ny kolontsaina samy hafa mifandray, tahaka izao.

Ny fanadihadiana voalohany nataon'ny tambajotram-pikarohan'i de Wit dia nandray ny tantara hita ao amin'ny Jaona 4 ahitana an'i Jesosy sy vehivavy Samaritana iray, hanaovana fampiharana. Vondrona fandalinana Soratra Masina maromaro avy amina sehatra ara-kolontsaina, sy ara-pivavahana, sy ara-tsosialy, ary ara-toekarena samy hafa, no namaky ny andinin-tSoratra Masina. Ny vokatra azo taorian'izany dia biriky iray nandrafitra boky iray, Hans de Wit sns. (eds.), *Through the eyes of Another : Intercultural Reading of the Bible (2004) – (“Amin'ny alalan'ny mason'ny Hafa : Fifandraisana kolontsaina samy hafa mamaky ny Baiboly”)*, izay ahitana tahirin-kevitra sy famakafakana io fitaovana mirakitra ny traikefa ara-pratika io. Tao anatin'ny taona nifanesy taty aoriana, de Wit sy ny tambajotram-pikarohany dia nikarakara tetik'asa fandalinana Soratra Masina vaovao ary nanao famakafakana fitsikerana ireo tetik'asa ireo. Ny vokatra avy amin'izany dia tranokala iray (<http://bible4all.org/>) ary atrikasa maro momba ny lohahevitra «Amin'ny alalan'ny mason'ny hafa : Fifandraisana kolontsaina samy hafa mamaky ny Baiboly». Ny vokatra iray hafa ihany koa dia ireo amboaran-tsoratra samihafa ahitana

fifanakalozan-kevitra niainga tamin'ny *Through the Eyes of Another* («Amin'ny alalan'ny Mason'ny Hafa»), tahaka ny an'i Hans de Wit sy Janet Dyk (eds.); *Bible and Transformation : The Promise of Intercultural Bible Reading* (2015) – («Baiboly sy Fanavaozana : Teny fikasana ny amin'ny Fifandraisana Kolontsaina samy hafa Mamaky Baiboly»), nosoratan'i Hans Snoek (ed.); *In Love with the Bible and its Ordinary Readers* (2015) – («Raiki-pitia amin'ny Baiboly sy ireo Olontsotra Mpamaky azy»), an'i Daniel M. Schipani sns. (eds.); *New Perspectives on Intercultural Reading of the Bible* (2015) – («Fomba fijery vaovao amin'ny famakiana ny Baiboly avy amin'ny fifandraisana kolontsaina samy hafa»). Ny vokatry fahatelo dia amboaram-boky mifampitohy, «Intercultural Biblical Hermeneutics Series» (“*Horonamboky Fanadihadiana Baiboly mifototra amin'ny fifandraisana kolontsaina samy hafa*”), mitondra anarana tahaka ny an'i Hans de Wit, *Empirical Hermeneutics, Interculturality, and Holy Scripture* (2012) – («Fandinihana sy Fifandraisana ara-Kolontsaina ary Soratra Masina mifototra amin'ny Traikefa»), ny an'i Charlene van der Walt, *Toward a Communal Reading of 2 Samuel 13* (2014) – («Mizotra ho amin'ny Famakiana Iombonana ny 2 Samoela 13»), ary ny an'i Eric Anum sy Ebenezer Quaye, *Intercultural Reading of John 10:1-21* (2016) – («Fifandraisana Kolontsaina samy hafa mamaky ny Jaona 10:1-21»).

Raha resahina amin'ny ankapobeny, ny fikarohana niteraka fifanakalozan-kevitra nataon'i de Wit sy ny tambajotra nisy azy no votoatin'ny fikarohana nanaovana ity tetik'asa famakiana ny Lioka 15 ity. Rehefa tonga any amin'ny famaranana ity asa soratra ity, dia hiverina amin'ny votoatin'ity fikarohana ity aho mba hametrahana ny toeran'ity tetik'asa ity sy ny vokatry voangona. Mialohan'izany nefa, hanolotra fohy ny votoatin'ny tetik'asa sy ny firafetany aho, manaraka izany dia hiverina amin'ny tena votoatin'ny asa soratra aho, izay famakafakana ireo tatitra voaray tamin'ireo vondrona telo nandinika ny Baiboly, ka nandray anjara tamin'ity tetik'asa ity.

## **Tetik'asa fandalinana Baiboly miompana amin'ny Lioka 15**

Tany amin'ny taona 2003, ny Fiangonan'i Norvezy – izay Loterana, ary fiangonana lehibe indrindra any Norvezy, satria manana mpikambana eo amin'ny 80% ny mponina manontolo – dia nanomboka Programan'ny Katekomena, izay natao ho an'ny ankizy sy tanora hatramin'ny valo ambin'ny folo taona. Io programa io dia nanaiky fa tsy maintsy hisy fikarohana atao mikasika ny finoana sy ny fomba fiainan'ireo vondrona voakasika ireo, ary izany foto-kevitra izany no votoatiny voalohany amin'ity tetik'asa eto ity. Ao anatin'ny Planina ho amin'ny Fanabeazana Kristiana nataon'ny Fiangonan'i Norvezy, dia notsindrina fa ny Baiboly dia manana fahefana amin'ny maha loharano ahafahana manadihady fiainana azy ary mifanaraka amin'ny ambaratongan-taona samy hafa, hatrany amin'ny zaza vao teraka ka hatrany amin'ny tanora valo ambin'ny folo taona. Miova isaky ny ambaratongan-taona nefa ny famakiana ny Baiboly, miaraka amin'izay dia miha lalindalina hatrany ny fanamby amin'ny fandinihana eo am-pamakiana ny andinin-tSoratra Masina ary ny fanomezana ny heviny mifandray amin'ny trangam-piainana misy. Ity tetik'asa ity – izay novatsian'ny Programan'ny Katekomena ao amin'ny Fiangonan'i Norvezy amin'ny ampahany – dia nifantoka tamin'ny vondrona zokiny indrindra amin'ny taona, ny tanora 16-18 taona, ary niditra tamin'ny fanadihadiana ny fifanakalozana teo amin'ny vondrona tanora 16-18 taona miisa telo, avy any Norvezy, sy Tailandy ary Madagasikara isanisany. Ny tanjona kendrena dia famakafakana ny fomba fampiasana ny Baiboly mifanaraka amin'ny konteksta misy ny vondrona tsirairay:

- Amin'ny andaniny, dia miainga avy amin'ny fomba fijery avy eo an-toerana, amin'ny famakafakana «ny fahaizana manorina hevi-baovao» eo am-pamakiana teny ao amin'ny Baiboly ary koa ny fanomezana ny hevitra ny teny mifandray amin'ny

traikefa misy eo an-toerana sy ny trangam-piainan'ireo vondrona tanora 16-18 taona.

- Amin'ny ankilany kosa, dia miainga avy amin'ny fomba fijery ankapobeny, famakafakana «heviteny manitsy» izay nentin'ny fanehoana nambaran' «olon-kafa» mpamaky ny Baiboly, miaina amina sehatra ara-tsosialy sy ara-kolontsaina. Izany dia varavarana misokatra ho amin'ny heviteny samihafa ary koa hitarafana ny tranga iainan'ny tsirairay.

Ity tetik'asa ity dia nandrafitra fifanakalozana amin'ny fifandraisana teo amin'ny Baiboly sy ny fanamby iainan'ireo vondrona tanora 16-18 taona miisa telo ireo. Ny vokatry ny fifanakalozana hevitra voarakitra tao anatin'ny tatitry ny famakian-teny no fototra hanorenana ny famakafakana amin'ity asa soratra ity. Ireo tanora 16-18 taona dia namaky andinin-tSoratra Masina ary mampifandray azy amin'ny traikefa sy ny olana araka ny zava-misy eo an-toerana misy ny tsirairay. Andinin-tSoratra Masina anankiroa no tena nifantohan'izy ireo – ny Lioka 15 : 11-32, izay mifantoka amina fototra ara-teolojika : ny fitiavan'Andriamanitra; ary ny 2 Samoela 13 : 1-22, izay mifantoka amin'ny lafiny etika : famaliana ny herisetra ara-pananahana sy ny fanolanana. Ny andinin-tSoratra Masina voalohany no naraha-maso akaiky eto. Ny vondron'ireo tanora 16-18 taona tsirairay dia nanokana fihaonana anankitelo handinihana ny andinin-tSoratra Masina tsirairay, ary tao anatin'izay dia araka izao tondrozotra manaraka izao no fomba fiasany :

- Tamin'ny fihaonana voalohany, dia niara-namaky ny Lioka 15 izy ireo ary nandinika izany araka ny traikefa nananan'ny tsirairay sy ny tranga-piainana niainany. Manaraka izany, ny fandinihana nataon'ny vondrona rehetra dia noraketina an-tsoratra (ireo teboka lehibe no nosoratana ary nadika tamin'ny

teny Anglisy) ary nozaraina (tamin'ny alalan'ny mailaka) tamin'ireo vondrona hafa avy eo.

- Tamin'ny fihaonana faharoa, dia niara-namerina namaky ny Lioka 15 indray izy ireo ary nandinika ny hevitra ny teny, fa teto indray dia araka ny fomba namakian'ireo vondrona anankiroa hafa araka ny konteksta misy azy tsirairay avy. Rehefa vita izany dia mbola noraketina an-tsoratra indray ny vokatry teo am-pamakiana ary nifampizarana.
- Tamin'ny fihaonana fahatelo, dia mbola niara-namerina namaky ny Lioka 15 indray izy ireo ary nandinika ny hevitra ny teny, fa teto indray dia araka ny tatitra avy amin'ny fihaonana faharoa nataon'ireo vondrona anankiroa hafa.

Ny fandinihana fahatelo no tena lehibe, satria nipetraka ho an'ny vondrona rehetra teto ny fanambany amin'ny fiezahana hanakatra ny fomba voalohany nahatakarana'ireo vondrona anankiroa hafa ny lahatsoratra novakiana araka ny konteksta iainan'ny tsirairay.

Rehefa narindra ny famakian'ireo vondrona tanora telo ny Lioka 15 : 11-32 araka ny konteksta misy ny vondrona tsirairay, dia niroso tamin'ny dingana manaraka, izay nametrahana fanambany ny fandinihana ny konteksta teo am-pamakian-teny nataon'ny vondrona tsirairay. Ny olana ankapobeny amin'ny famakiana Baiboly manaraka konteksta tahaka izao dia ny lesoka hananan'ny «olon-tsotra» mpamaky Baiboly izay tsy manana fijery lavitra hitsikeràna ny fifandraisan'ny teny sy ny konteksta. Raha izay no zava-misy dia mety ilainy ny heviteny manitsy izay hanampy azy handray araka ny konteksta misy azy tsirairay. Amin'ity tetikasa ity dia hita taratra izany fanitsiana izany, izay nentin'ny fampidirana «olon-kafa» mpamaky ny Baiboly miaina amina sehatra ara-tsosialy sy ara-kolontsaina, «olon-kafa» iray izay sady atao

varavarana misokatra ho amin'ny heviteny samihafa ary koa hitarafana ny tranga iainan'ny tsirairay.

Ny fifidianana ireo mpiara-miombona antoka avy any Tailandy sy Madagasikara hanao ny fifanakalozana, dia ny hahatonga ny fivelaran'ny fiarahamonin'ny mpamaky Baiboly maneran-tany, amin'ny andaniny. Amin'ny ankilany kosa dia ny handraisana ireo fiangonana manana fiaraha-miasa ara-tantara amin'ny Fiangonan'i Norvezy. Araka ny nambara tetsy ambony, ity tetikasa ity dia novatsian'ny Programan'ny Katekomena ao amin'ny Fiangonan'i Norvezy amin'ny ampahany, ary io famatsiana io dia nanampy hampifanatri-tava ireo namolavola hevitra, rehefa nifarana ny fifanakalozan-kevitra tamin'ny alalan'ny tatitra nalefa mailaka. Nihaona tamin'ny vondrona Malagasy tany Madagasikara ireo vondrona Tailandey sy Norveziana, hifampiresaka, hiara-mivavaka ary hiara-milalao; tsy izany ihany fa namerina nanokatra indray ny fifanakalozan-kevitra ny amin'ny Lioka 15 ary nanazava misimisy kokoa ny traikefa tamin'ny fanaovana heviteny sy ireo olana mbola nisy tamin'izany.

### **Famakafakana**

Ny Lioka 15 : 11-32 dia milaza tantara iray ahitana raim-pianakaviana anankiray nanana zanaka mirahalaha. Ny anankiray dia lasa nankany an-tany lavitra ka nandanilany foana ny fananan-drainy. Na dia teo aza izany, raha vantany vao nody tany amin'ny rainy izy dia namela ny helony sy nanoroka azy ny rainy. Ny anankiray hafa dia nitoetra tao an-trano mandrakariva ary niasa tany an-tsahan'ny rainy. Araka izany, rehefa hitany ny fomba nankalazan'ny rainy ny fiverenan'ilay rahalahiny izay nandanilany foana ny anjara-fananany, dia nanjary nialona izy.

Nihaona intelo miantoana ny vondrona tanora anankitelo hamaky ity andinin-tSoratra Masina ity, ary nanoratra tatitra isaky ny nahavita famakian-teny. Manaraka eto dia handray ireo tatitra avy amin'ny famakiana ireo amin'ny fomba fijery anankitelo aho : ny fahatakarany ny karazan-dahatsoratra, ny fandinihany ara-kolontsaina, ary ny fandinihany ara-teolojika. Tsy azo iadian-kevitra fa mifampiditra ny fandinihana ara-kolontsaina sy ara-teolojika (izany moa dia hevitra lehibe amiko), kanefa, satria fomba fijery famakafakana no atao dia mety hanampy ny mampiavaka azy roa tonta.

Mamelà ahy hanomboka amin'ny fahatakarany'izy ireo ny karazan-dahatsoratra. Tao amin'ny fitaovana fototra izay nomaniko ho an'ireo vondrona telo sy ny fihaonany voalohany, ny andinin-tSoratra Masina ao amin'ny Lioka io dia nambara fa “lahatsoratra” sy “tantara”. Ny vondrona Malagasy dia namantatra avy hatrany fa fanoharana no ambaran'io, raha toa ka tsy nampiasa io voambolana milaza heviteny io kosa ireo vondrona anankiroa hafa. Na izany aza nefa dia nahatakatra tamin'izao ny karazan'ity lahatsoratra ity ireo vondrona telo rehetra, ary samy nahita fa misy hafatra tiana hampitaina ao ambadiky ny tantaram-pianakaviana iray miseho andavanandro. Ny vondrona Malagasy dia nitatitra fa samy mahalala ity andinin-tSoratra Masina ity avokoa ny mpikambana tsirairay, satria vakiana matetika any amin'ny Sekoly Alahady izany. Ny foto-kevitra ao amin'ny lahatsoratra, hoy izy ireo, dia maneho ny fitiavan'Andriamanitra ny mpanota. Ny raim-pianakaviana dia nambarany fa olona manam-pitiavana sy manam-paharetana, ary azon'izy ireo koa ny fihetsik'ireo zanany mirahalaky. Ny vondrona Norveziana sy Tailandey dia nilaza hevitra mitovitovy amin'izany, andinin-tSoratra Masina iray manambara an'Andriamanitra izay mandray ny mpanota ity.

Ny herin'ny fanoharana izay entina mamantatra ny fiziana, amin'ireo mpirahalaky anankiroa ireo voalohany indrindra, dia

voamarika avy hatrany. Notaterin'ny vondrona Malagasy fa namantatra manokana ny fanoharana ny amin'ilay zanaka adala izy (Madagasikara, Mey 2014), ary tahaka izany ihany koa ny nataon'ny vondrona Norveziana, izay nanohana hevitra manao hoe "Saroitra ny mampitaha anay amin'ilay anankiray izay nitoetra tao an-trano, satria tsy tsara fanahy tahaka azy izahay." (Norvezy, Mey 2014). Ny tatitra avy any Bangkok dia nilaza fa navela hanambara ny heviny ny mpikambana tsirairay (Tailandy, Mey 2014) :

- Izaho ilay zokiny indrindra, satria izaho dia mankatò hatrany ny ray aman-dreniko na dia mitaraina foana sy mikarakaraka tsara kokoa ireo zandriko aza izy.
- Izaho ilay zandriny indrindra, satria izaho dia manao zavatra tsy am-piheverana ary tsy mihevitra izay mety ho vokatr'izany amin'ny fiainako.
- Izaho ilay zokiny indrindra, satria izaho dia mialona ny zandriko lahy indraindray.
- Izaho ilay zandriny indrindra, satria nisy fotoana maro efa nanalavirako an'Andriamanitra. Mitovy aminy mihitsy. Kanefa isaky ny miverina Aminy aho, dia eo Andriamanitra ary mitahy ahy.
- Izaho ilay raim-pianakaviana, satria izaho dia vonona mandrakariva handray indray ireo izay mibebaka.

Ny hevitra farany avy any Tailandy io dia somary manaitra, kanefa izany dia maneho lâlana hahazoana ny teny amin'ny endriny vaovao. Raha tsy mijery io hevitra farany io, dia hita fa efa fantatr'ireo vondrona ireo taloha io andinin-tSoratra Masina io, ary samy efa niaina ny fomba namoahana heviteny tamin'izany tamin'ny alalan'ny



fampianarana sy ny toriteny reny tany am-piangonana. Eto no horaisintsika ho teboka fanombohana, ary manaraka izany dia mizotra mankany amin'ny fijerena ny fomba fandinihan'ireo vondrona anankitelo, mifandray amin'ny kolontsaina sy ny teolojia.

Ny tetik'asa manontolo dia nanana fomba fijery araka ny fifandraisana kolontsaina samy hafa, izay ahitana vondrona telo avy amin'ny lafin-tany ara-jeôgrafika sy ara-kolontsaina anankitelo. Kanefa dia nazava tamintsika hatrany fa fanampin'ireo vondrona telo ireo dia nisy mpilalao fahefatra ihany koa, izay antsoina hoe lahatsoratra. Ny famakiana Baiboly dia efa asa mampifandray kolontsaina ao aminy, raha toa ka heverina fa tsy tandrintandrintsika akory fa mampifandray lahatsoratra antitra efa ho roa na telo arivo taona amin'ny konteksta ankehitriny izay misy antsika isika. Misy mpamaky sasantsasany izay tsy vahiny amin'ny lahatsoratra ao amin'ny Baiboly ka tsy mahalala ny fanamby ara-kolontsaina mampitohy ny hantsana manelanelana ny konteksta misy azy sy ny an'ireo tany Jerosalema na Galilia tamin'ny fotoan'andron'ny Baiboly. Ny hafa indray dia mety manana traikefa tsy nampoizina amin'ny fahamaroan'ny kolontsaina hitany, rehefa mahita fisehoan-javatra izay iainany amin'ny maha vahiny azy. Ny ohatra iray amin'ity farany ity dia zavatra hitan'ny vondrona Norveziana raha namaky ny andinin-tSoratra Masina teo alohan'ity izy, dia ny Lioka 15 : 8-10. Ny lahatsoratra dia maneho vehivavy iray izay very farantsa volafotsy anankiray ka namafa ny trano manontolo hika-rohana ilay farantsakely mandra-pahitany azy. Ny iray tamin'ireo tanora ao anatin'ny vondrona Norveziana dia nanontany tamim-panajana manao hoe : “iza moa no tsy hamafa ny trano manontolo raha toa ka very ny farantsakeliny volafotsy anankiray,” tsootra ny valiny : “fihomehezana”.

Ny ohatra voalohany, ary angamba ny tena nivoitra teo amin'ny fahasamihafan'ny kolontsain'ireo vondrona telo ireo dia hita taratra manodidina ny lohahevitra momba ny “henatra”. Ny vondrona

Malagasy dia nametraka fanontaniana mikasika io lohahevitra io tao amin'ny tatitra voalohany nalefan'izy ireo, ary naverimberiny hatrany koa izany nandritra ny fotoana fifanakalozana. Any Madagasikara, hoy izy, dia ho hita taratry ny fiarahamonina manodidina fa mahamenatra ny fihetsika araka ny nataon'ilay zanaka adala, ary hahazo tsiny ny fianakaviana. Raha toa ka misy olona tanora iray mikasa hanao tahaka ilay zanaka adala, dia hanao izay faraheriny ny ray aman-dreny hisorohana izany. Raha toa ka tsy nahomby izany, dia hotsarain'ny fiarahamonina ho malemy izany ray aman-dreny izany (Madagasikara, Mey 2014). Mifanohitra amin'izany ny hevitra notohanana'ny vondrona Tailandey : raha misy ny tokony hahazo henatra dia tsy ny ray aman-dreny fa ilay zanaka adala ihany (Tailandy, Mey 2014). Izany fomba fijery izany dia navoitran'ny vondrona Norveziana mafimafy kokoa : tsy mino izahay hoe mety hieritreritra ny olona manodidina fa tsy nanao asa tsara ny ray aman-dreny, na dia nandeha niala tao an-trano aza ny zanany lahy. Ny olona manodidina dia mety hilaza fa haketrina izany, ka tsy hanome tsiny ny ray aman-dreny velively izy. Ny fomba fijery ny “fanajana ray aman-dreny” dia tsy tena lalina eo amin'ny kolontsaina Norveziana; ny ray aman-dreny sy fiarahamonina dia miandry anao hitady ny lalanao samirery. Anjaranao ny manapa-kevitra ny amin'izay tokony iainanao ny fiainanao, fa tsy dia misy idiran'ny ray aman-dreny loatra ny amin'izany. [...] Eo amin'ny konteksta Norveziana, ny ankamaroan'ny olona dia mety hanana fiheverana miiba momba ilay zanaka lahy nandeha niala tao an-trano, ary mety nitsetra ny ray aman-dreniny aza izy (Norvezy, June 2014).

Ao amin'ny fiodinana fahatelo farany amin'ny fandinihana ity andinin-tSoratra Masina ity dia nataon'ny vondrona Malagasy ho teboka fototra ity lohahevitra momba ny henatra ity. “Ny henatra, hoy izy, dia izay rehetra ataonao ka mifanohitra amin'ny fomba fanaon'ny fiarahamonina, na izay antsoinay hoe fomban-drazana.” Ary nanome

ohatra vitsivitsy izy ireo mba hanehoana izay fahatakarany ny atao hoe “henatra”:

“Henatra ho an’ny lehilahy ny mitari-bady tsy lasam-bodiondry (ny atao hoe vodiondry dia ilay “vodihenan’ondry” mihitsy), ny vodiondry tsinona dia ilay silaka tsara indrindra amin’ny henan’ondry. Tokony hahatsiaro “menatra” koa ianao rehefa manao fitafiana tsy mendrika. Tokony omena haja ny olon-dehibe – tokony miala tsiny ianao raha sendra nandingana olon-dehibe, ary tokony omena seza ny olon-dehibe – raha tsy izany dia “mahamenatra” (Madagasikara, Septambra 2014).

Ity fanehoana ny atao hoe “henatra” ity dia toa mitaratra fiarahamonina iray izay manome lanja kokoa ny fiainam-piarahamonina, noho izay hita ao amin’ny konteksta Norveziana. Amin’ny lafiny marindrano dia mifandray amin’ireo izay miaina manodidina antsika, satria misy tahotra tena lalina ny ho voahilikiliki ny fiarahamonina. Ary amin’ny lafiny mijidina dia mifandray amin’ny razambe, satria “tsy mbola nandratra na iza na iza” ny fanajana sy filolohavana ireo “loharano nipoirantsika”.

Ny ohatra anankiray hafa izay maneho ny fahasamihafana arakolontsaina amin’ireo vondrona anankitelo ireo sy ny fomba fanehoan-keviny manoloana ny andinin-tSoratra ao amin’ny Lioka 15, dia mikasika ny andraikitry ny raim-pianakaviana sy ny zoky eo amin’ny fanabeazana ny zandry. Araka ny kolontsaina nentim-paharazana Tailandey dia nanindry mafy ny vondrona Tailandey fa ny raim-pianakaviana sy ilay zokiny dia tokony nampianatra ilay zandriny hitondra tena tsara, mba hahafahana misoroka ny karazana olana tahaka izay nampiroboka ity zandriolona ity :

Tian’ily raim-pianakaviana ny zanany lahy. Tsy maintsy hanome ny zavatra rehetra ary hanao na inona na inona ho an’ny

zanany lahy izy. Izy no ilay mamela ny fahadisoan'ny zanany lahy. Heveriko fa metimety kokoa raha azony atao ny miaro ny zanany lahy tsy hanaonao foana, amin'ny alalan'ny fanabeazana azy (Tailandy Mey 2014).

Nanaitra ny vondrona Norveziana ny fanehoana fa tokony ho modely ho an'ilay zandriny ilay zokiny. Nilaza izy ireo fa “tsy tahaka izany ny fisehoany any Norvezy”. “Azonay atao ny mijery ny ataon'ireo zoky, kanefa tsy voatery ho zava-dehibe izany.” (Norvezy, Jona 2014). Any Madagasikara indray, dia misy fahamarinana ny fomba fijery avy any Tailandy:

Tokony ho modely tsara ilay zokiny. Midika izany fa tokony hanahaka azy ilay zandriny amin'ny fahaizany mankatò ary tsy maintsy mikarakara tsara ny fianakaviany izy rehefa ao an-trano. Tsy tonga modely mihitsy izy nefa rehefa niseho ny fialonany. (Madagasikara, Jona 2014)

Ny ohatra fahatelo maneho fahasamihafana ara-kolontsaina eo amin'ny vondrona anankitelo sy ny hevitenin'ny soratra ao amin'ny Lioka 15 ataony, dia mety hita eo amin'ny fironan'ny vondrona Norveziana amin'ny fitondrana fanazavana ara-tsaina, ary manaraka izany ny fomba famalian'ny vondrona Malagasy izany. Ny vondrona Norveziana dia nanohana hevitra momba ny fihetsika nasehon'ilay ray raha niverina nody tao an-trano ny zanany lahy, izay somary tafahoatra. Tahaka ny “adala”, omeny akanjo lava sy peratra ilay zanany lahy ary amonoany zanak'omby nafahy. Tsy tokony nanao toa izany ilay raim-pianakaviana, hoy ny vondrona Norveziana, fa izao no tokony nataony, dia ny ampanatrehana azy amin'izay nataony, fa tsy ny fanomezana azy ny zavatra rehetra ho eo an-tanany. Ambonin'izay, rehefa mitodika amin'ilay zanany lahy faharoa, dia ity farany no tena mahafinaritra ny vondrona Norveziana: “Nanam-pitiavana be ilay rainy. Nefa tsy dia hita

taratr'ilay zanany lahy nitoetra tao an-trano izany fitiavana izany.”  
(Norvezy, Mey 2014)

Noho izany, ny fahatsapana fa tsy ampy fitiavana avy amin'ilay rainy izy, dia manazava ny fihetsik'ilay zanany lahy nitoetra tao an-trano izay ela izay. Hoy ny vondrona Norveziana namintina azy hoe “azonay tsara ny anton'ny fihetsiny”. Ny vondrona Malagasy, kanefa, dia mihevitra fa lasa lavitra loatra izany. Tsy midika fa tsy nahavita naneho fitiavana tamin'ilay zanany lahimatoa ilay rainy tsy akory. Araka ny ohatra nomen'ilay zanany lahimatoa dia nahazo izay rehetra notadiaviny ilay zandriny, ary mbola nanaovanay fety ihany koa. Tsy izany ihany no fomba entina maneho fitiavana. Tany am-parany dia notoherin'ny vondrona Malagasy ny fomba fanazavana ara-tsaina nentin'ireo tanora Norveziana, ary nanolotra ny fomba fijery Malagasy ny anjara toeran'ny tsirairay eo amin'ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka izy ireo :

Raha miresaka ny fahatsapana fa voahasohaso – na tsy omena vidiny – eo anivon'ny ankohonana (araka ny hevitra ny vondrona Norveziana), amin'ny ankapobeny izahay dia manao izay azonay atao ka mitondra fifaliana ho an'ny ray aman-dreninay, ary tsy voatery hiandry fankasitrahana avy aminy akory. (Madagasikara, Jona 2014).

Izao dia andeha isika hitodika amin'ny fandinihany ara-teolojika. Ny Soratra Masina araka ny Lioka 15 dia manana fahefana mazava tahaka ny fanasana ho amin'ny fandinihana ara-teolojika, raha mijery ny karazan-dahatsoratra – izay fanoharana anankiray – ary ny hevitra fonosiny izay mifantoka amin'ny lohahevitra fanalahidy toy ny ray sy sy zanaka ary ny fitiavana. Ny fanontaniana iray mipetraka dia ny hoe amin'ny fomba ahoana ary hatraiza no fahaizan'ireo vondrona

mandrafitra lahatsoratra sy mamoka hevitra ao amina rafitra ara-telojika mivelatra kokoa.

Ny ohatra anankiray afaka maneho izany dia ny namantaran'ireo vondrona tao anatin'ny fotoana fohy fa Andriamanitra no ambara amin'ilay raim-pianakaviana ao amin'ny andinin-tSoratra Masina. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe inona no mety ho fiantraikan'izany fahafantarana izany amin'ny fahatakarana ny tian'ny teny holazaina. Ny vokany anankiray dia mety nametra ny fahafahana hanakiana ilay rainy izany. Araka ny nambara tetsy ambony, ny vondrona Norveziana dia maneho fomba fijery mampiasa ny saina, ka nanohana hevitra fa ilay rainy dia “tokony nampanatrika ilay zanany [faralahy] tamin'izay nataony,” (Norvezy, Mey 2014), ary rehefa milaza momba ilay zanany lahimatoa, dia nanambara izy ireo fa tsy nahazo fitiavana firy izy (Norvezy, Mey 2014). Ny vondrona Tailandey dia tsy tena sahy manakiana ilay raim-pianakaviana loatra. Mihevitra izy ireo fa tokony nampianatra ny zanany izy mba nahafahana misoroka ny tranga tahaka izao, ary nanolo-kevitra fa tsy marina loatra ny fitondrany ny zanany (Tailandey, Mey 2014). Ny vondrona Malagasy dia nahatsiaro tohina tamin'ity famoahan-kevitra farany ity, ary namaly araka izao manaraka izao :

Nisy mpikambana vitsivitsy anatin'ny vondrona nilaza fa raha tena kristiana isika, dia mahalala fa Andriamanitra dia miasa amin'ny fahamarinana, satria marina Izy. Ny mpikambana hafa kosa dia nilaza fa na dia kristiana aza isika, ilay valinteny iray [araka ny nambaran'ny vondrona Tailandey] dia mety hitombona ihany amin'ny maha olombelona antsika. (Madagasikara, Jona 2014).

Eto no ahitantsika fa tena voaray ny famoahan-kevitra ny amin'ny maha Andriamanitra ilay raim-pianakaviana. Na dia soso-kevitra ihany

aza ny nambaran'ny vondrona Tailandey fa somary manao fitondrana tsy marina ilay raim-pianakaviana voalazan'ny andinin-tSoratra Masina, ny vondrona Malagasy dia nihevitra avy hatrany fa fanakianana tsy mendrika atao amin'Andriamanitra izany. Ary rehefa milaza izy hoe “raha tena kristiana isika, dia mahalala,” izay ivon'ny fifanakalozan-kevitra nataon'ireo vondrona nandritra ny fifampizarany, dia tamimpanajana no nisafidianan'ny vondrona avy any Tailandy tsy handinika izany fomba fihevitra izany. Ny vondrona Malagasy dia nanohy ny resaka mikasika ny maha marina an'Andriamanitra, ary notohanany tao anatin'ny tatitra fahatelo sady farany amin'ny fandinihana ity andinin-tSoratra Masina ity ny hevitra milaza fa Andriamanitra dia tena marina tokoa, fa ny fomba fijerintsika ny atao hoe “fahamarinana” no mety samy hafa amin'ny fomba fijery hitantsika ao amin'ny Baiboly. Na izany na tsy izany, hoy izy, dia mitovy ny fitondran'ilay raim-pianakaviana ny zanany roa lahy izay hita ao amin'ny Lioka 15. Ilay zandriny indrindra dia nahazo araka izay nilainy, ary ilay zokiny indrindra efa nanana izay nilainy rehetra.

Rehefa namantatra avy hatrany ireo vondrona fa Andriamanitra no ambaran'ilay raim-pianakaviana ao amin'ny andinin-tSoratra Masina, dia misy vokatra anankiray hafa aterak'izany ihany koa eo amin'ny fahatakarana ny tian'ny teny ambara, araka izany hita taratra ao anatin'ny teny ary afindra amin'ilay ray ny toetran'Andriamanitra izay mahalala ny zavatra rehetra sy ny maha Tsitoha Azy. Araka izao manaraka izao ny nitondran'ny vondrona Tailandey azy :

Fantatr'ilay raim-pianakaviana izay nataony ary nanome fahalalahana ny zanany izy ka tsy hanery azy ireo hanao araka izay sitrapon'ilay rainy. Araka ny ambaran'ny Soratra Masina, dia efa nahalala izay ho tohin'ny tantara izy – satria nozarainy ny fananany. Araka izany dia navelany hanapaka hevitra malalaka ireo zanany. (Tailandy, Mey 2014).

Ny mety ho vokatra anankiray amin'ity fahatakarana ny amin'ilay raim-pianakaviana ity dia ny famelàna azy tsy hihevitra izay tokony ho andraikiny amin'ny maha ray azy, araka ny fomba nentim-paharazana. “Fantany” fa tsy maintsy handanilany foana ny lova fananany ilay zanany, kanefa, ho fampianarana azy dia navelany nanao araka izany izy ary dia nozakainy ny vokatr'izany safidiny izany. Azo lazaina fa izany fomba fahatakarana izany dia manaisotra ampahany amin'ireo hevitra fototra ao amin'ny teny, izay milaza fa raha “nody ny sain'ilay” zanany lahy notsenain'ilay rainy be famindrampo izy na dia tsy mendrika izany aza. Ny tsy fampitàna io hevitra lehibe io dia toa hita mazava tsara ao amin'ny tatitra faharoa nalefan'ny vondrona Malagasy, raha nilaza izy fa tsy mila mahatsiaro menatra isika rehefa manenina, satria rehefa manenina ny amin'ny fahotantsika isika dia mahazo alalana hody any an-tranon'ny ray ary hifaly amin'izany, amin'ny fahafantarantsika fa Andriamanitra dia hanaiky handray antsika indray. (Madagasikara, Jona 2014)

Raha fintinina dia naneho ny famakafakana teo aloha fa takatr'ireo tanora avy hatrany ny karazan-dahatsoratra, ary hainy ny naneho an-tsary izany ary koa ny nandinika ny amin'ny baraingo ara-kolontsaina sy ara-teolojika izay nivoitra avy amin'ny famakian-teny samy hafa nataony ary ny fifanakalozany niverimberina.

### **Fanomezan-toerana ny traikefa nandritra ity tetik'asa fandalinana Soratra Masina ity**

Ny nanombohako ny asa soratra dia tamin'ny fandinihana lalina ny konteksta misy ny fikarohana amin'ity tetik'asa ity, izay niarahana tamin'ny andiana tanora miara-mamaky ny Lioka 15, ary ety ampamaranana izao dia hiverina amin'izay nanombohako azy aho ary handinika fohifohy ny amin'ny fomba ifandraisan'ny traikefa azo



tamin'ny alalan'ity tetikasa ity sy ny konteksta misy izao fikarohana izao.

Rehefa miverina mamaky ny lahatsoratra etsy ambony, dia misy fironana manokana mivoitra araka izao : tsy mitsahatra mitombo ny fifantohana amin'ny hery fanovana entin'ny famakiana Baiboly ifandraisan'ny kolontsaina samy hafa. Tsy iadian-kevitra fa hita taratra sahady izany fomba fijery izany dieny ao amin'ny traikefa tamin'ny fandinihana lehibe voalohany eo amin'io sehatra io, tsy inona izany fa ny amboaram-boky mirakitra asa soratra *Through the Eyes of Another – «Amin'ny alalan'ny Mason'ny Hafa»* (de Wit sns. 2004). Ary na dia folo taona taty aoriana aza, dia nanjary tonga fomba fijery lehibe hatrany amin'ny famakiana Baiboly ifandraisan'ny kolontsaina samy hafa izany, araka ny fanehoana ao amin'ny bokin'i Schipani sns. 2015. Ny tapany voalohany amin'io boky io dia miompana amin'ny «fanovana» (avy amin'ny fandinihana tranga samy hafa ary koa fandinihana mitodika bebe kokoa amin'ny lafiny ara-teorika). Nandeha lavidavitra kokoa ny fanehoana ao amin'ny bokin'i de Wit sy Dyk 2015, ahitana ny antsoina hoe «fanavaozana», izay nanjary nifantohana ao amin'ny lohateny (ary ao amin'ny ankamaroan'ny asa soratra).

Ny ankamaroan'ny asa soratra hita ao amin'ireo amboaram-boky anankiroa ireo dia mametram-panontaniana ny amin'ny fomba fahatakarana ny hery fanavaozana entin'ny famakiana Baiboly ifandraisan'ny kolontsaina samy hafa. Ny anankiray amin'ireo izay tena mahaliana amin'ity konteksta ity dia ny asa soratra iray nosoratan'i Taggart E. Wolverton (Wolverton 2015). Izy io dia nitarika tetikasa iray fanomanana «Doctorat» (izay narahin'i Hans de Wit maso akaiky) momba ny teny «noraisintsika», araka ny Lioka 15 : 11-32, izay niarahana tamin'ny andiana tanora avy amin'ny lafy valon'izao tontolo izao (Wolverton 2004). Miresaka ny fomba fandrefesana ity hery fanavaozana ity izy ao amin'ny asa sorany, ary raha mifantoka amin'ny

fandrosoana ara-panahy izy, dia manindry fepetra anankitelo amin'ny fanavaozana izay andrasana : «mianatra mamaky Baiboly amin'ny fomba hafa», «mianatra mijery ny tena amin'ny fomba hafa», ary «mianatra mijery ny hafa amin'ny fomba hafa». Te hilaza aho fa ity tetik'asa famakiana Baiboly ifandraisan'ny kolontsaina samy hafa ity izay resahina ao anatin'izao asa soratra izao dia manamafy sy maneho an-tsary ny fepetra telo araka ny nambaran'i Wolverton. Misy fandalinana ny fahatakarana ny fisian'ny mpandray anjara anankitelo ao anatin'ny tetik'asa – «Izaho», «Ianao» ary ny Baiboly – ary amin'ny alalana tranga iray no hanehoako azy.

Nanontany ireo vondrona aho raha toa ka mitombona ny fitoriana ny Filazantsara ny amin'i Jesosy ao amin'io andin-tSoratra Masina vakiany io, ary ny valin'ny fanontaniana dia somary nandeha tamin'ny lâlana samy hafa. Ny vondrona Norveziana dia namaly fa «tsy dia tena mety» ny hitoriana ny Filazantsara amin'ny alalan'io teny io, ary navelany hanamarina ny valinteniny ny anankiray amin'ny mpikambana ao anatin'ny vondrona ka nilaza hoe : «Tsy maintsy nifidy tantara iray momba an'i Jesosy aho, milaza ny amin'izay nataony fa tsy izay nolazainy fotsiny ihany.» (Norvezy, Jona 2014). Mifono pratika ny valinteny, kanefa mifono fifantohana ara-teolojika izay manohana hevitra fa ny fiainana sy ny fahafatesan'i Jesosy dia lehibe lavitra noho ny teniny.

Ny vondrona Tailandey dia nanindry endrika pratika anankiray ihany koa, fa nanome famintinana mifanohitra rehefa nanambara ny amin'ny mampitombona na tsia ny teny, hitoriana ny Filazantsara ny amin'i Jesosy:

Any Tailandy, ny olona izay mandre ny Filazantsara ny amin'i Jesosy dia hanana traikefa lehibe kokoa raha toa ka azo taritina mankao amin'ny Filazantsara ny tranga sy ny ohatra iainany

isan'andro. Araka izany dia hisy fomba ampifandraisany ny fiainany amin'izay tranga misy ny raim-pianakaviana, na ny iray amin'izy mirahalaha. (Tailandy, Septambra 2014).

Làlana hafa mihoatra amin'izay nitarihan'ny vondrona Norveziana sy Tailandey no nanohanana ny vondrona Malagasy ny heviny. Tsy nifantoka tamin'ny fahefana pratika mety hananan'ny teny na tsia izy ireo, fa kosa tamin'ny fahefana izay mamoka endrika fanalahidin'ny Filazantsara :

Ny teny dia mitoro ny Filazantsara ny amin'i Jesosy amin'ny alalan'ny fahitana ny Ray izay tsy mitsahatra mamela ny fahotantsika, ary nasehony izany tamin'ny nanolorany ny Zanany Lahitokana hatao sorona mba hamonjena antsika. Afaka raisintsika eto ny zanak'omby nafahy – ny tsara indrindra amin'ny biby ao am-bala – izay novonoin'ily raim-pianakaviana mba hifaliana noho ny amin'ny fiverenan'ily zanaka adala ao an-trano indray. (Madagasikara, Jona 2014).

Izao no hitantsika ao amin'ny tatitra avy amin'ny vondrona Malagasy, dia ny ivon'ny foto-kevitra kristiana, ny amin'Andriamanitra manolotra ny Zanany atao sorona noho ny fahotantsika, izay novakiana ao anatin'ily fanoharana. Izany dia maneho ny hevitra mikasika ilay raim-pianakaviana – izany hoe Andriamanitra – izay tia ny zanany. Tsy hevitra misambo-drivotra ny fitiavan'Andriamanitra ny zanany – na dia mpanota aza – tena azo tsapain-tanana izany ary ny fanehoana faratampony dia tamin'ny nanolorany ny Zanany Lahitokana hovanoina noho ny fahotantsika. Naneho izany hevitra izany tao amin'ny tatitra fahatelo ny vondrona Malagasy, nanindry ny andinin-tSoratra Masina araka ny Matio 11 : 28 («Mankanesa aty amiko... fa Izaho no hanome anareo fitsaharana») sy araka ny Jaona 14 : 27 («Ny fiadanako no omeko anareo»), ary nofintininy araka izao «Ny tranon'ny ray dia trano

itoeran'ny fiadanana. Tsy misy fiadanana na aiza na aiza afa-tsy ny miaraka aminy.» (Madagasikara, Septambra 2014).

Niverina nipetraka indray ny fanontaniana momba ny mampitombona ny fanoharana ny amin'ilay zanaka adala amin'ny fitoriana ny Filazantsara ny amin'i Jesosy, raha nihaona tany Madagasikara ny vondrona anankitelo, rehefa samy nahavita ny fandinihana Soratra Masina nandritra ny taona iray. Tamin'ny andro anankiray dia nihaona ary nifandimby nizara ny tantaran'ny finoany ny tsirairay. Ny vondrona Tailandey dia nanindry ny fisian'ny fanamby lehibe ho an'ireo fiangonana madinika, tahaka ny fisian'ny olona manodidina azy izay tsy mahalala na inona na inona momba ny atao hoe fivavahana kristiana. Amin'ny konteksta tahaka izao dia tonga mazava tsara ny teboka ny amin'ny karazan-dahatsoratra. Ny tranga miseho andavanandro dia manana fahefana hamorona sary mazava manambara ny hevitra ny Filazantsara. Eo amin'ny konteksta misy ny fiangonana Malagasy sy Norveziana indray nefa, dia samy hafa ny tranga miseho satria farafahakeliny misy ampahany maromaro amin'ny olona manodidina no manana fahalalana mikasika ny Baiboly sy ny fivavahana kristiana. Raha ny momba ny tsy fahampian'ny finoan'ny vondrona Norveziana amin'ny mampitombona ny karazan-dahatsoratra ny fanoharana mba hahazoana manakatra tsara ny finoana kristiana, dia mety noho ny antony ara-kolontsaina ihany koa. Eo amin'ny loza ateraky ny fiheverana amin'ny ankapobeny ny fanorenana ara-pratika izay kely dia kely, dia azo heverina fa ny fahafantarana fa Andriamanitra dia ray tia mihaino sy be fitiavana mandrakariva, dia tsy tena iainana lalina loatra eo amin'ny konteksta Norveziana. Izany angamba dia isan'ny fomba fandinihana ara-teolojika nataon'ireo tanora Norveziana ka nahafahany nampivoitra ny hetaheta te hilaza zavatra misimisy kokoa ny amin'ny asa tena nataon'i Jesosy fa tsy izay noteneniny «fotsiny ihany». Ary rehefa mijery ny fahaizan'ny vondrona Malagasy mamaky ny foto-kevitra fototra ao anatin'ny teny, dia

mahatonga hihevitra fa izany dia mitaratra fomba fitorian-teny efa mahazatra sy fomba fiomanana ho mpandray ny Fanasan'ny Tompo izay mifantoka amin'ny foto-kevitra sy katekisma; mety hitaratra konteksta ara-kolontsaina ihany koa izany rehefa hita fa misy fahalalana akaiky kokoa sy manaraka ny fomban-tany ny mikasika ny fombafomba fanaovana fisoronana, mihoatra nohon'ny fahalalana izany eo amin'ny konteksta Norveziana, ohatra.

Na izany na tsy izany, raha niara-nipetraka tany Madagasikara izahay ka nandroso sy niverina teo amin'ny fifampizarana ny tantaran'ny finoan'ny tsirairay sy ny fanontaniana ny amin'ny fanoharana ny amin'ilay zanaka adala, raha toa ka ampy hitoriana ny Filazantsara momba an'i Jesosy, dia heveriko fa tsapan'ireo tanora – ary nambarany mihitsy aza – fa izao konteksta misy ny fikarohana izao dia mifandray amin'ny antsoina hoe «fanavaozana», ary tsapany sy nambarany ihany koa ny famaritan'i Wolverton izay fepetra fanalahidy amin'izany fanavaozana izany : ity andinin-tSoratra Masina ity dia manana fahefana miseho amin'ny endriny maro samy hafa, ary ny famakiana azy dia midika fa misy fifampiresahana mandrakariva eo amin'ny teny sy ny mpamaky azy samy hafa, tahaka ireo izay hitantsika teo anivon'ireo vondrona anankitelo ireo.

## **Matoandahatsoratra**

Madagasikara, Mey 2014 = Tatitra taorian'ny famakian-teny nataon'ny vondrona Malagasy, fihaonana voalohany, Mey 2014

Madagasikara, Jona 2014 = Tatitra taorian'ny famakian-teny nataon'ny vondrona Malagasy, fihaonana faharoa, Jona 2014

Madagasikara, Septambra 2014 = Tatitra taorian'ny famakian-teny nataon'ny vondrona Malagasy, fihaonana fahatelo, Septambra 2014

Norvezy, Mey 2014 = Tatitra taorian'ny famakian-teny nataon'ny vondrona Norveziana, fihaonana voalohany, Mey 2014

Norvezy, Jona 2014 = Tatitra taorian'ny famakian-teny nataon'ny vondrona Norveziana, fihaonana faharoa, Jona 2014

Norvezy, Septambra 2014 = Tatitra taorian'ny famakian-teny nataon'ny vondrona Norveziana, fihaonana fahatelo, Septambra 2014

Tailandy, Mey 2014 = Tatitra taorian'ny famakian-teny nataon'ny vondrona Tailandey, fihaonana voalohany, Mey 2014

Tailandy, Jona 2014 = Tatitra taorian'ny famakian-teny nataon'ny vondrona Tailandey, fihaonana faharoa, Jona 2014

Tailandy, Septambra 2014 = Tatitra taorian'ny famakian-teny nataon'ny vondrona Tailandey, fihaonana fahatelo, Septambra 2014



## Loharano nanovozana

### *Miompana amin'ny asa soratra mikasika ny Genesisy 4*

- Assohoto, Barnabe ary Samuel Ngewa. 2006. "Genesis". Pejy 9-84 ao amin'ny *Africa Bible Commentary*. Natontan'i Tokunboh Adeyemo, Solomon Andria, Issiaka Coulibaly, Tewoldemedhin Habtu, ary Samuel Ngewa. Nairobi : WorldAlive.
- Boeask, Allan A. 1984. *Black and Reformed: Apartheid, Liberation, and the Calvinist Tradition*. Maryknoll, NY: Orbis.
- Holter, Knut. 2008. *Contextualized Old Testament Scholarship in Africa*. Nairobi : Acton.
- , 2012. *Fandalinana Testamenta Taloha mihatra ami-konteksta aty Afrika sy Madagasikara*. Antananarivo : FLM Trano Printy.
- McEntire, Mark. 2000. «Cain and Abel in Africa : An Ethiopian Case Study in Competing Hermeneutics». Pejy 248-59 ao amin'ny toko nosoratan'i West sy Dube ny taona 2000.
- Mosala. Itumeleng J. 1989. *Biblical Hermeneutics and Black Theology in South Africa*. Grand Rapids : Eerdmans.
- Munthe, Ludvig. 1969. *La Bible à Madagascar : Les deux premières traductions du Nouveau Testament malgache*. Avhandling utgitt av Egede Instituttet 10. Oslo : Egede Instituttet.
- Oduyoye, Modupe. 1994. *The Sons of the Gods and the Daughters of Men : An Afro-Asiatic Interpretation of Genesis 1–11*. Maryknoll, NY : Orbis.
- Riches, John. 1996. "Interpreting the Bible in African Contexts : Glasgow Consultation". Pejy 181–188 ao amin'ny boky "*Reading with*" : *An Exploration of the Interface Between Critical Ordinary Readings of the Bible : African Overtures*. Natontan'i Gerald O. West sy Musa W. Dube. Semeia 73. Atlanta : Scholars Press.



- Sadler, Rodney S. 2010. "Genesis". Pejy 70–79 ao amin'ny boky *The African Bible : Reading Israel's Scriptures from Africa and the African Diaspora*. Natontan'i Hugh R. Page Jr. Minneapolis : Fortress.
- Ukpong, Justin S. 2000. "Popular Readings of the Bible in Africa and Implications for Academic Readings". Pejy 582–594 ao amin'ny toko nosoratan'i West sy Dube ny taona 2000.
- West, Gerald O. 1995. *Biblical Hermeneutics of Liberation : Modes of reading the Bible in the South African Context*. Edisiona faharoa Pietermaritzburg : Cluster.
- , 2000. "Mapping African Biblical Interpretation : A Tentative Sketch". Pejy 29–53 ao amin'ny toko nosoratan'i West sy Dube ny taona 2000.
- West, Gerald O., ary Musa W. Dube, edisiona 2000. *The Bible in Africa : Transactions, Trajectories and Trends*. Leiden : Brill.
- Wit, Hans de. 2004. "Intercultural Bible Reading and Hermeneutics". Pejy 477–492 ao amin'ny toko nosoratan'i Wit, Jonker, Kool, ary Schipani 2004.
- , 2012. *Empirical Hermeneutics, Interculturality, and Holy Scripture*. Intercultural Biblical Hermeneutics Series 1. Olkhart, IN : Institute of Mennonite Studies.
- Wit, Hans de, Louis Jonker, Marleen Kool, ary Daniel Schipani., edisiona 2004. *Through the eyes of Another : Intercultural Reading of the Bible*. Elkhart, IN : Institute of Mennonite Studies.
- Wit, Hans de, ary Gerald O. West, edisiona 2008. *African and European Readers of the Bible in Dialogue : In a Quest of a Shared Meaning*. Studies of Religion in Africa : Supplements to the Journal of Religion in Africa 32. Leiden : Brill.

### ***Miompana amin'ny asa soratra mikasika ny Lioka 15***

- Autero, Esa J. 2016. *Reading the Bible Across Contexts : Luke's Gospel, Socio-Economic Marginality, and Latin American Biblical Hermeneutics*. Leiden : Brill (Biblical Interpretation Series).

- De Wit, Hans and al. (eds.). 2004. *Through the Eyes of Another : Intercultural Reading of the Bible* Elkhart : Institute of Mennonite Studies.
- De Wit, Hans. 2012. *Empirical Hermeneutics, Interculturality, and Holy Scripture*. Elkhart : Institute of Mennonite Studies (Intercultural Biblical Hermeneutics Series, 1).
- De Wit, Hans and Janet Dyk (eds.) 2015. *Bible and Transformation : The Promise of Intercultural Bible Reading*. Atlanta : Society of Biblical Literature (Semeia Studies, 81).
- Kinyuha, Johnson Kiriaku. 2011. *Introducing Ordinary African Readers' Hermeneutics : A Case Study of the Agikuyu Encounter with the Bible*. Oxford : Peter Lang (Religions and Discourse, 54).
- Malley, Brian. 2004. *How the Bible Works : An Anthropological Study of Evangelical Biblicism*. Walnut Creek : Altamira Press (Cognitive Science of Religion Series).
- Schipani, Daniel M. and al. (eds.). 2015. *New Perspectives on Intercultural Reading of the Bible*. Elkhart : Institute of Mennonite Studies.
- Segovia, Fernando F. and Rasiyah S. Sugirtharajah (eds.). 2009. *A Postcolonial Commentary on the New Testament Writings*. New York : T & T Clark (The Bible and Postcolonialism, 13).
- Snoek, Hans (ed.). 2015. *In Love with the Bible and its Ordinary Readers : Hans de Wit and the Intercultural Bible Reading Project*. Elkhart : Institute of Mennonite Studies.
- van der Walt, Charlene. 2014. *Toward a Communal Reading of 2 Samuel 13 : Ideology and Power within the Intercultural Bible Reading Process*. Elkhart : Institute of Mennonite Studies (Intercultural Biblical Hermeneutics Series, 2).
- West, Gerald O. and Musa W. Dube (eds.). 1996. *"Reading With": An Exploration of the Interface Between Critical and Ordinary readings of the Bible : African Overtures*. Atlanta : Society of Biblical Literature (Semeia, 73).

Wolverton, Taggert Erin. 2014. "An Intimate Revelation: Intercultural Bible Reading with Adolescents." Unpublished PhD thesis, Vrije Universiteit, Amsterdam.

Wolverton, Taggert Erin. 2015. "An intimate revelation : Reading Luke 15:11-32 with Adolescents." In *Bible and Transformation : The Promise of Intercultural Bible Reading*, ed. Hans de Wit and Janet Dyk, 415-31. Atlanta : Society of Biblical Literature (Semeia Studies, 81).

Dr Knut Holter dia profesora mpampianatra ny Testamenta Taloha ao amin'ny Oniversite VID, any Stavanger, Norvezy.

Nisy fotoana efa nampianarany tao amin'ny SALT, amin'ny maha profesora azy, raha nivahiny tao Fianarantsoa izy.

Amin'ny maha mpanao asa fikarohana azy, dia maro ireo boky efa nosoratany sy navoakany mikasika ny hevitenin'ny Testamenta Taloha sy ny hermeneotika biblika Afrikana.

**Tasta Academic Press, ISBN 978-82-691289-1-8**

